



## **MINISTERE DE LA SANTE PUBLIQUE**

**TAHIRIN-KEVITRA HO AN'IREO MPISEHATRA ENY ANIVON'NY  
FIARAHAMONINA MAHAKASIKA NY FIANTOMORANA  
TOBIMPAHASALAMANA SAKAIZAN'NY RANO FANADIOVANA FIDIOVANA**

**Jolay 2022, Antananarivo**

## **FANOROAM-PEJY**

<b>1. FAMPIDIRANA .....</b>	<b>4</b>
<b>2. NY IANTEFAN'NY FAMPIOFANANA.....</b>	<b>4</b>
<b>3. TANJON'NY FAMPIOFANANA .....</b>	<b>5</b>
<b>3.1. TANJONA ANKAPOBENY .....</b>	<b>5</b>
<b>3.2. TANJONA MANODIDINA NY FAMPIHARANA .....</b>	<b>5</b>
<b>4. FOTO-KEVITRA TEKNIKA .....</b>	<b>5</b>
<b>5. TEKNIKA HO ENTI-MAMPIOFANA.....</b>	<b>6</b>
<b>5.1. FOMBA FANOFANANA.....</b>	<b>6</b>
<b>5.2. FITAOVANA ENTI-MAMPIANATRA .....</b>	<b>6</b>
<b>6. VOTOATIN'NY FAMPIOFANANA.....</b>	<b>7</b>
<b>7. RAFITRA FANARAHA-MASO SY FANOMBANANA NY FIOFANANA .....</b>	<b>8</b>
<b>7.1 FANOMBANANA MPANDRAY ANJARA .....</b>	<b>8</b>
<b>7.2 FANOMBANANA FANOFANANA .....</b>	<b>9</b>
<b>8. FAHARETAN'NY FAMPIOFANANA .....</b>	<b>9</b>
<b>TAKELAKA FANAMPINY.....</b>	<b>77</b>
<b>BOKY SY TAHIRINKEVITRA NANOVOZAN-KEVITRA.....</b>	<b>89</b>
<b>LISITRA NY MPANDRAY ANJARA TAMIN'NY FANDRAFETANA NY TAHIRINKEVITRA HANOFANANA .....</b>	<b>90</b>

## **FANAFOHEZANTENY**

<b>AC</b>	: Agent Communautaire
<b>CSB</b>	: Centre de Santé de Base
<b>RFF</b>	: Rano Fanadiovana Fidiovana
<b>PET</b>	: Polyethylene téréphtalate
<b>PAFI</b>	: Piston' Asa Fanao tena Ilaina
<b>VAD</b>	: Vangivangy Arahina Dinika

## **1. FAMPIDIRANA**

Ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, amin'ny alalan'ny Sampandraharaha misahana ny Fahasalamana sy ny Tontolo Iainana, ao anatin'ny fitaleavana fampiroboroboana ny fahasalamana, dia miezaka ny hahatonga ny Tobimpahasalamana tsirairay misy eto Madagasikara ho Tobimpahasalamana sakaizan'ny Rano Fanadiovana Fidiovana. Ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, dia manohana ny hetsika mifandraika amin'izany.

Ny fiofanana mahakasika ny Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF dia manampy amin'ny fampihenana ny loza ateraky ny areti-mifindra avy amin'ny fitsaboana (infections associées aux soins). Manatsara ihany ny kalitaon'ny tolotra sy ny tontolo iasan'ny mpiasan'ny fahasalamana ny fiofanana, mba ho medrika ny mpisitrika ny fampiasana ny tolotra ara-pahasalamana. Tamin'ny taona 2018, ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ireo mpiantsehatra amin'ny RFF, tohanan'ny mpanohana ara-teknika sy ara-bola dia namolavola ny torolàlana ara-teknika ho an'ny fampiharana fiantomorana ny Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF. Izany no natao mba ho Tobimpahasalamana modely amin'ny fampiharana ny fietsika tsara mahakasika ny RFF. Raha fehezina dia ho toerana fampiroboroboana ny fahasalamana hitondra ny fiovam-pihetsika mahomby ho an'ny tsirairay hampivoatra fiarahamonina.

Ny fananan'ny Tobimpahasalamana fotodrafitrasa momba ny RFF dia tsy ampy hamaritana azy ho lasa Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF. Ampirahana izany amin'ny fanamafisana sy fanantevenana ny traikefan'ny mpiasan'ny fahasalamana sy ireo mpisehatra en anivon'ny fiarahamonina momba ny ity fiantomorana ity mba ho feno ny fepetra hahafitaratra ny Tobimpahasalamana. Izany no antom-pisian'ity fiofanana ity.

## **2. NY IANTEFAN'NY FAMPIOFANANA**

Ireo mpisehatra eny anivon'ny fiarahamonina no iantefan'ny fampiofanana izay mahakasika ny fiantomorana Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF.

### **3. TANJON'NY FAMPIOFANANA**

#### **3.1. TANJONA ANKAPOBENY**

Manamafy orina ny fahaiza-manaon'ny mpisehatra eny anivon'ny fiarahamonina mba hahazan'izy ireo mampihatra ary koa mampita ireo hetsika mahomby momba ny Rano, Fanadiovana, Fidiovana ho fihetsika mamomjy aina amin'ny alalan'ny fiovam – pihetsiky ny tsirairay sy ho fampiroboroana ity sehatra ity.

#### **3.2. TANJONA MANODIDINA NY FAMPIHARANA**

- Manazava amin'ny ankapobeny ny asan'ny mpisehatra eny anivon'ny fiarahamonina momba ny fiantomorana Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF ;
- Mamolavola sy mahantanteraka ny asa ilaina mahakasika ny rano, fanadiovana ary fidiovana ;
- Mahafehy ireo teknika sy paikady momba ny fifandraisana ;
- Mahay ny fandrindrana, ny fanaraha-maso ary ny tatitra.

### **4. FOTO-KEVITRA TEKNIKA**

Ny fomba fiofanana dia manaraka ny dingana fampiofanana olona matihanina.izay mifototra amin'ny fotokevitra "Mianatra mba hahafehy" izay :

- (i) manaja ny fomba fianaran'ny olon-dehibe, mamela fifanakalozana sy fifampizarana traikefa eo amin'ny tsirairay, manasongadina ny traikefa ananan'ny tsirairay,
- (ii) manaraka ny fomba fiasa mifototra amin'ny fahaiza-manao,
- (iii) mampiasa teknika fanofanana mifototra amin'ny maha-olona, ary
- (iv) mipetraka ho filamatra ny mpampiofana.

Mandritra ny fiofanana dia hasongadina manokana ny tsingerin'ny traikefa.

## **5. TEKNIKA HO ENTI-MAMPIOFANA**

### **5.1. FOMBA FANOFANANA**

Ny Fampianarana olon-dehibe no fomba isafidianana rehefa hanofana olon-dehibe. Ny teknika fandraisana anjara ampiasaina dia :

- famelabelarana fohy sy fifanakalozan-kevitra ;
- famakiana tahirinkevitra ;
- asam-bondrona;
- tosavevitra;
- fanontaniana arahina valiny;
- fanazaran-tena manokana;
- fampisehoana ;
- seho-sehatra.

### **5.2. FITAOVANA ENTI-MAMPIANATRA**

#### **5.2.1. "Kit" fampiofanana**

Ny torolàlam-panofanana izay manampy ny mpampiofana amin'ny fanomanana sy fanamorana ny fotoam-piofanana. Ity torolàlana ity dia ahitana :

- fampahalalana ankapobeny momba ny programam-panofanana ;
- votoatin'ny fampiofanana ;
- fanaraha-maso sy fanombanana ny fiofanana ;
- faharetan'ny fiofanana ;
- torolalam-panofanana ;
- drafitry ny fiofanana ;
- tahirin-kevitra ;
- Takelaka fanampiny : tombana isanandro, tombana farany, fandaharam-potoana ary fanontaniana mialohan'ny fiofanana / anelanelany.

#### **5.2.2. Fitaovana**

- Fitaovana hanaovana fampisehoana : gel misy alkaola fanasana tanana , tavoangy plastika misy soratra "PET"(Polyethylene Terephthalate), rano, Sur'eau, tavoahangy plastika, fantsika, hazo, tady, ...
- Fitaovana ilaina amin'ny fanoratana rehetra sy fametahana takelaka.

## **6. VOTOATIN'NY FAMPIOFANANA**

Ny fampiofanana dia misy lohahevitra 7 izay ahitana taranja 16.

### **LOHAHEVITRA A : FAHALALANA ANKAPOBENY MAHAKASIKA NY TOBIMPAHASALAMANA SAKAIZAN'NY RFF**

Taranja 1 : Aretina vokatry ny tsy fanjarian'ny rano, fanadiovana sy fidiovana ;

Taranja 2 : Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF.

### **LOHAHEVITRA B : RANO FISOTRO MADIO**

Taranja 1 : Pitson'Asa Fanao tena Ilaina (PAFI) Rano.

### **LOHAHEVITRA D : FANADIOVANA**

Taranja 1 : Fampiasana kabone ara-pahasalamana ;

Taranja 2 : Fitantànana ny fako.

### **LOHAHEVITRA E : FIDIOVANA**

Taranja 1 : Fahadiovana'ny tanana ;

Taranja 2 : Fahadiovan'ny sakafo ;

Taranja 3 : Fidiovana mandritry ny fadimbolana ;

Taranja 4 : Fahadiovan'ny toeram – ponenana sy toeram – piasana.

### **LOHAHEVITRA F : FIOVAN'NY TOETRANDRO**

Taranja 1 : RFF sy ny fiovan'ny toetrandro;

### **LOHAHEVITRA G : SERASERA**

Taranja 1 : Fahalalana ankapobeny mahakasika ny serasera ho an'ny fiovam-pihetsika ;

Taranja 2 : Teknikam-panentanana ;

Taranja 3 : Fomba fampiasana ny fitaovana fampitankafatra.

### **LOHAHEVITRA H : DRAFITRASA SY FANARAHAMASO ARY TATITRA**

Taranja 1 : Drafitrasa, fanarahamaso ary tatitra.

## **7. RAFITRA FANARAHHA-MASO SY FANOMBANANA NY FIOFANANA**

### **7.1 FANOMBANANA MPANDRAY ANJARA**

#### **7.1.1 Tombana mialohan'ny fiofanana :**

- apetraka eo am-piandohan'ny fiofanana ary mirakitra ny tanjon'ny fahalalana momba ny fiofanana ;
- mikendry ny fanombanana ny fahalalana fototra ananan'ny mpandray anjara ;
- valim-panadinana mialoha izay afaka manampy ny mpampiofana hanitsy tsara ny fiofanana, hampihenana ny fotoana natokana ho an'ny lohahevitra voafehy tsara, ary hanantitrantitra ireo tanjona tsy dia voafehy loatra. Ny vokatra dia fototry ny fanombanana raha nahazo fahalalana ny mpandray anjara nandritra ny fiofanana.

#### **7.1.2 Fanombanana ny fahaiza-manao :**

- amin'ny alalan'ny fampiharana ny fanasana tanana, ireo teknikam-panentanana,
- amin'ny alalan'ny fampisehoana (ohatra: fomba fikarakarana rano ataon'ny SODIS).

Ny tanjona amin'ity fanombanana ity dia ny hahazoana antoka fa tonga amin'ny ambaratonga azo ekena ny fahalalana izay 85% ny mpandray anjara.

#### **7.1.3 Tombana antenantenany**

- apetraka alohan'ny fiafaran'ny fiofanana. Ny tanjona amin'ity tombana ity dia ny hahazoana antoka fa tonga amin'ny ambaratonga azo ekena ny fahalalana izay 80% ny mpandray anjara.

Raha sanatria tsy mahatratra 80% na mihoatra ny mpianatra amin'ny andrana voalohany ataony dia angatahina izy ireo hamerina ny fanombanana fahalalana alohan'ny fiafaran'ny fampianarana. Izany dia fitsipika fototra 'mianara hahafehy' izay midika fa ny mpandray anjara tsirairay dia tokony ho tohanana hifehy ny votoatin'ny fiofanana alohan'ny fiafaran'ny fianarana.



## **7.2 FANOMBANANA FANOFANANA**

### **7.2.1 Tombana isan'andro**

Ny tanjona dia ny fanombanana ny fotoam-piofanana: ny fahatratrarana ny tanjona, ny maha-zava-dehibe ny votoatiny, ny fahombiazan'ny fomba sy ny teknika fanofanana, ny maha-ilaina ny fitaovana enti-mampianatra, ny fahombiazan'ny mpampiofana, ny faharetan'ny fotoana.

### **7.2.2 Tombana farany**

Tafiditra ao anatin'izany ny fanombanana ny lafiny samihafa amin'ny fiofanana, ny faharetan'ny fiofanana, ny lafiny fitantanan-draharaha sy sosialy amin'ny fiofanana.

## **8. FAHARETAN'NY FAMPIOFANANA**

Ny fiofanana dia atao mandritra ny telo andro.

## **LOHAHEVITRA A: FAHALALANA ANKAPOBENY MAHAKASIKA NY TOBIM-PAHASALAMANA SAKAIZAN'NY RFF**

### **Taranja 1: aretina vokatry ny tsy fanjarian'ny rano, fanadiovana sy fidiovana**

#### **Zavakinendry sy votoatiny**

Ny taranja dia hanehoana ny zavamisy manerantany sy eto Madagasikara mahakasika ny RFF. Hanampy betsaka ny mpandray anjara rehetra ihany ko a ny taranja hahatadidy tsianjery ireo aretina rehetra vokatry ny tsy fanjarian'ny RFF, ny fomba fifindrany, ny fomba atao hisakanana ny fifindrany sy ny fiparitahany. Manolotra sy manazava ireo ny tombotsoa azo avy amin'ny fitandremana ireo hafatra fototra mifandraika amin'izany toy ny fitandroana ny fahadiovan'ny rano manomboka eny ampatsakana azy ka hatrany amin'ny fampiasana azy, fampiasana araka ny tokony ho izy ny kabone arapahasalamana, sy ny fanasana tanana amin'ny rano sy savony.

#### **Tanjona manaokana :**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony :

1. mahafantatra ny zava – misy mahakasika ny RFF maneran-tany sy eto Madagasikara;
2. manazava ny aretina mifandraika amin'ny tsy fahalavorarian'ny RFF;
3. mamaritra ny fomba fifindrany sy fisorohana ireo aretina ireo.

## **ZAVA MISY MANERAN – TANY MAHAKASIKA NY RFF**

- Ankizy latsaky ny dimy taona manodidina ny 7 600 000 no matin'ny aretim-pivalanana isan-taona (OMS)
- Ny aretim-pivalanana no antony faharoa mahafaty ny zaza latsaky ny dimy taona maneran-tany (OMS)
- Manodidina ny 1,7 lavitrisa ny ankizy voan'ny aretim-pivalanana isan-taona maneran-tany (OMS)
- 2,5 lavitrisa ny olona tsy afaka mampiasa kabone maneran-tany (OMS)
- Maherin'ny 3 lavitrisa ny olona iharan'ny aretina mifandraika amin'ny rano maneran-tany (PNUE)

## **ZAVA MISY ETO MADAGASIKARA MAHAKASIKA NY RFF**


- 26% ny tahan'ny fampiasana rano fisotro madio eto Madagasikara (MEAH)
- 10% ny malagasy no mampiasa kabone (UNICEF)
- 36% ny mponina any ambany vohitra no misitraka rano fisotro madio
- Faha telo amin'ny firenena maneran-tany amin'ny fampiasana rano tsy azo antoka Madagasikara (UNICEF)
- Iray amin'ny olona efatra eto Madagasikara no manana fitaovana fanasana tànana amin'ny rano sy savony (MICS)

## **Ireo aretina azo avy amin'ny tsy fanjarian'ny RFF**

- Tazomoka, COVID 19
- Areti – pivalanana : dysenterie, choléra, diarrhée
- Kankakana isankarazany : takilodrano (bilharziose), ankylostomiase, asmpnantana aramphasalamanaridiose, ténia
- Aretikoditra: Lagaly, kasola,
- Lefakozatra (Poliomyélite)
- Tefoedra (fièvre typhoïde)
- Areti-maso (conjunctivite, trachome)

- Pesta
- Hépatite A
- Infection nosocomiale (Hépatite B, Hépatite C, VIH/SIDA,...)
- Aretin'ny taovam-pisefoana, pneumonie, grippe
- Tsy fanjarian-tsakafo
- Aretin'ny taovam-pananahana (salpingite, fahamombana, ...)

**Tay iray grama dia misy :**



## NY FOMBA FIFINDRAN'NY ARETINA




- ✓ Amin'ny alalan'ny tãnana maloto
- ✓ Fikasihana zavatra/fitaovana voaloto Tsy fanajana ny fenitry ny PU
- ✓ Tsy fitantanana ny fako eny amin'ny tobim-pahasalamana araka ny politika fitantanana ny fako eny anivon'ny tobim-pahasalamana
- ✓ Rano maloto
- ✓ Amin'ny tay tafiditra any am-bava

### Ampiana ny :

- ✓ Tsy fitantanana ny fiovana mandritra ny fadimbolana
- ✓ Fako ny tombimpahasalamana miparitaka
- ✓ Tsy fanajana ny "precaution standards"

## FOMBA FISOROHANA

- ✓ Fikajiana ny rano ho madio mandrakariva hatreny am-patsakana ka mandra-pisotroana azy.
- ✓ Fampiasana lava-piringa ara-pahasalamana ;
- ✓ Fanasàna tònana amin'ny rano sy savony ;
- ✓ Fitantanana ny fahadiovana mandritry ny fadim-bolana
- ✓ Fitantanana ny fako eny amin'ny tobim-pahasalamana; ary
- ✓ Fanadiovana sy ny famonoana mikraoba.



## **LOHAHEVITRA A: FAHALALANA ANKAPOBENY MAHAKASIKA NY TOBIM-PHASALAMANA SAKAIZAN'NY RFF**

### **Taranja 2 : tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF**

#### **Zavakinendry sy votoatiny**

Fiantomorana Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF dia fomba fanao entina ampisehoana, anentanana, anintonanan ny olona hiova fihetsika manoloana ny RFF. Ny Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF dia Tobimpahasalamana ampiharan'ny mpiasan'ny fahasalamana ireo hetsika fototry ny RFF amin'ny andavanandro. Manentana ny mpisitrika ny Tobimpahasalamana izy ireo sy ny mpisehatra eny anivon'ny fiarahamonina momba ny hafatra fototry ny RFF sy ny fahasalamana ka mampihatra izany.

Ity taranja ity dia mampahafantatra ny mpiofana ny antsoina hoe Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF, ny hafatra sy ny fihetsika ilaina ampiharina mikasika izany hampidinana ny trangan'aretina miankina amin'ny tsy fahalavorarian'ny RFF hahatonga ny vahoaka hampiasa sy hisitraka ampiadanana ny asa atolotry ny Tobimpahasalamana.

#### **Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony :

1. manazava ny maha Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF ;
2. mitanisa ireo hafatra fototra efatra ny RFF ;
3. mitadidy ireo fihetsika fototra enina eny amin'ny Tobimpahasalamana.

## **Famaritana ny Tobim-pahasalamana sakaizan'ny RFF**

Ny Tobim-pahasalamana sakaizan'ny RFF dia toerana fampiharana andavanandro ny hafatra sy hetsika fototra ny RFF ho an'ny mpiasa sy ny mpisitraka ny tobim-pahasalamana mba ahafahan'ireo mpanentana ara-pahasalamana manentana ny vahoaka mikasika izany.

## **Ireo masontsivana amin'ny maha tobim-pahasalamana saikaizan'ny RFF**

- Misy fotodrafitrasa
- Mampihatra isan'andro aoamin'ny toeram-piasàna ireo hetsika fototra enina RFF:
- Toerana ahitana ireo fampiharana
- Toeram-pantantana sy fanabeazana ireo hafatra sy ireo hetsika fototra mahakasika ny RFF sy ny fahasalamana hahatonga izany ho lasa toetra raikitra ho an' ireo mpampiasa ny tobim-pahasalamana sy ny mpiarabelona

## **Ireo hafatra efatra fototra RFF**

1. Fikajiana ny rano ho madio mandrakariva hatreny am-patsakana ka mandra-pisotroana azy;
2. Fampiasana lavapiringa manara-penitra/ara-pahasalamana;
3. Fanasàna tàmàna amin'ny rano sy savony/ lavenona;
4. Fitantanana ny fahadiovana mandritry ny fadimbolana.

## **Ireo dingana arahina hahatonga tobim-pahasalamana sakaizan'ny RFF**

1. ***Fanairana***: dingana tena ilaina hampandraisana andraikitra ny mpiantsehatra rehetra sady mitondra fiovana mahery vaika eo amin'ny fihetsika mahomby ho an'ny vahoaka rehetra.
2. ***Tantsoroka sy fiofanana*** : tohana sy fanofanana ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny mpanentana ara-pahasalamana.
3. ***Fanarahamaso ny asa*** neken'ny mpiasan'ny fahasalamana sy mpanentana ara-pahasalamana ary mpiantsehatra rehetra.
4. ***Fanambaran'ny tobim-pahasalamana*** fa mendrika ho sakaizan'ny RFF izy.



5. *Fanamarinan'ny komitin'ny RFF* ny fahatrarany ireo fepetra takiana ahatongavana ho tobim-pahasalamana sakaizan'ny RFF.
6. **Fanomezana marim-pankasitrahana** ho tobim-pahasalamana sakaizan'ny RFF.

**Ireo hetsika fototra enina RFF hampiharina isanandro ao amin'ny tobimpahasalamaana**

1. Mikajy ny rano ho madio mandrakariva hatreny am-patsakana ka mandra-pisotroana azy;
  - Fanadiovana mialoha ny hampiasana azy
  - Tsy tsabahana amin'ny tana
  - Fanadiovana ny siniben-drano in-droa isan-taona farafahakeliny
  - Fanadiovana ny fitaovana fanovozana sy fitahirizan-drano
2. Mampiasa kabone ara-pahasalamana
  - Fametrahana fitaovana entina manadio
  - Fanadiovana ny fitaovana voaloton'ny tay
  - Fampiasana lavenona
3. Manasa tana amin'ny rano sy savony
  - Amin'ny fotoana fototra dimy
  - Aloha sy aoriana ny fandraisana marary
4. Fitantana ny fahadiovana mandritry ny fadim-bolana
  - Ny Tobim-pahasalamana dia manamora ny fahadiovana mandritra ny fadim-bolana ho an'ny vehivavy amin'ny alalan'ny fampiasana ny trano fidiovana.
5. Fitantana ny fako eny amin'ny tobim-pahasalamana
  - Fisokajiana hatrany am-piandohana
  - Fitehirizana latsaky ny telo andro na 72 ora
  - Fanapotohana manara-penitra
  - Voaro amin'ny sarambagem-bahoaka
  - Fanadiovana ny fitaovana
  - Fampiasana fitaovana fiarovana samihafa
  - Foanana ny rano miandrona manodidina ny tobim-pahasalamana.
6. Fanadiovana
  - Fanadiovana ny tany na gorodona na carrranox sy ny faritra rehetra iasana farafahakeliny indray mandeha isanandro
  - Fanadiovana fitaovana enti-mitsabo indray mandeha isanandro farafahakeliny

- Fanadiovana sy fikojakojana mandrakariva ny manodidina ny tobim-pahasalamana

Ny mpiasan'ny fahasalamana voaofana dia natao hampita ireo hetsika sy hafatra fototra ny RFF ho an'ny mpanentana ara-pahasalamana sy ny mpisitrika ny tobim-pahasalamana. \*

## **LOHAHEVITRA B : RANO FISOTRO MADIO**

### **Taranja 1 : PAFI Rano**

#### **Zavakinendry sy votoatiny**

Ny fisian'ny rano sy ny fahafahana misitraka izany dia miantoka ny fiarovana amin'ny aretina vokatry ny tsy fahalavorarian'ny rano – fanadiovana - fidiovana. Ny taranja dia mikendry ny hifehezan'ny mpiofana ny PAFI Rano ahafahany manentana ny mpiara-monina aminy hampiasa rano voadio sy voatahiry ho madio mandrakariva.

Mandritra ny fampiofanana momba ity taranja ity, ny mpiofana dia hahafehy fomba fanao tsara telo, mora vidy, momba ny fanadiovana rano, izay tokony ho tandremana manodidina izany ary ireo tombotsoa azo avy aminy sy ny fetrany.

#### **Tanjona manokana**

Rehefa mifarana ity taranja, ny mpiofana tsirairay dia afaka :

1. mahalala ireo karazana fanadiovana rano na PAFI rano
2. mampihatra ireo fomba fanadiovana rano

## PAFI Rano

<b>Fomba atao</b>	<b>Pitson'asa fanao tena ilaina</b>
<i>Fampangotrahana rano</i>	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Ampangotrahina ny rano dia atao anaty fitaovana madio</li> <li>▪ Madio ny rano na dia vao mandotra - tokana</li> </ul>
<i>Fampiasana ara-dalàna ny Sur'Eau</i>	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Jerena tsara ny daty farany azo ampiasana azy eo amin'ny fonony</li> <li>▪ Manana fitoavana fasian-drano misarona</li> <li>▪ Fantarina tsara ny fomba fampiasana azy               <ul style="list-style-type: none"> <li>- Sur'Eau indroa ny sarony (tavoahangy 150 ml) na Sur'Eau pilina iray ho an'ny rano 20 Litatra</li> <li>- Afangaro tsara</li> <li>- Saromana tsara ny fasian-drano dia miandry 30 minitra</li> <li>- Faharetany azo ampiasana ny rano voadio tamin'ny Sur'Eau : 24 ora ihany raha hosotroina</li> </ul> </li> </ul>
<i>Fanadiovana rano amin'ny tara-masoandro : SODIS</i>	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Atanina masoandro mandritra ny adiny 6 ny tavoahangy mangaranga toy ny tavoahangy misy soratra « PET »; hatramin'ny roa andro raha toa ka manjombona ny andro ka tsy misy masoandro</li> <li>▪ Fenoina rano hatreny amin'ny 3/4 ; ahontsana mandritry ny 20 segondra, avy eo fenoina ary apetraka amin'ny toerana azon'ny tara-masoandro tsara toy ny eny amin'ny tafo ohatra.</li> <li>▪ Diovina sy kobanina tsara ny tavoahangy mialoha ny hanidinana ny rano ao anatiny</li> <li>▪ Tsihifina ny rano raha ilaina</li> <li>▪ Soloina ny tavoahangy raha toa ka misy kiaka na maloto na mangavoka (tsy mangaranga)</li> </ul>
<i>Fanadiovana rano amin'ny Biosand filtre</i>	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Anontaniana tsara ny fomba fampiasana azy (BIOSAND)</li> </ul>

	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Apetraka ao antrano</li> <li>▪ Manazava ny fahombiazan'ny filtre (bio film matevina, tsara kokoa raha mitete ny rano mandalo ny filtre</li> <li>▪ Manapa-kevitra hoe rahoviana no diovina ny filtre; rahoviana izy no soloina</li> </ul>
<i>Fanadiovana rano amin'ny filtre céramique</i>	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Fenoina isan-kariva ny filtre</li> <li>▪ Diovina isan'andro ny fasian-drano</li> <li>▪ Raha vao miova loko ny « bougie céramique » dia soloina</li> </ul>
<i>Fitehirizana rano efa voadio</i>	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Mampiasa zinga, na sotrobe lava taho atokana ho fanovozana rano voadio (toroina hevitra hoe aiza no tokony hapetraka ny zinga fanovozan-drano)</li> <li>▪ Tsara raha taho mety ahantona ny tahon'ilay zinga na ilay sotrobe</li> <li>▪ Rehefa manovo rano dia tsy tsabahina amin'ny tãnana</li> <li>▪ Fitehirizana rano anaty fasian-drano madio ka kajiana ho madio mandrakariva, sasana indroa isan-kerinandro</li> <li>▪ Fikojakojana ny fasian-drano sy ny fanovozana</li> </ul>

### FAMPIASANA ARA-DALANA NY SUR'EAU

- ✓ Jerena tsara ny daty farany azo ampiasana azy eo amin'ny fonony
- ✓ Manana fitoavana fasian-drano misarona
- ✓ Fantarina tsara ny fomba fampiasana azy :
  - ❖ Sur'Eau indroa ny sarony (tavoahangy 150 ml) na Sur'Eau pilina iray ho an'ny rano 20 Litatra
  - ❖ Afangaro tsara
  - ❖ Saromana tsara ny fasian-drano dia miandry 30 minitra
  - ❖ Faharetany azo ampiasana ny rano voadio tamin'ny sur'eau : 24 ora ihany raha hosotroina

**LISITRA FANAMARINANA FANADIOVANA RANO AMIN'NY TARA-  
MASOANDRO NA SODIS**

**1 = Mety** : hita ary natao ity dingana ity araka ny fenitra

**0 = Tsy mety/mila atsaraina** : Natao ny dingana saingy mbola mila hatsaraina

**0 = Tsy hita** : Tsy natao ary tsy hita ity dingana ity

**TM = Tsy Mifandraika =** : Tsy miasa ity dingana ity tamin'ny fampiharana natao

<b>FANADIOVANA RANO AMIN'NY TARA – MASOANDRO : “SODIS”</b>				
	<b>TRANGA</b>			
<b>DINGANA/ASA</b>				
<b>Fanomanana</b>				
1. Manomana tavoahangy mangaranga toy ny tavoahangy Eau vive misy soratra « PET »				
2. Manomana rano madio (Tsihifina ny rano raha ilaina)				
3. Manomana zinga famenoana rano				
4. Manomana sary famantaranandro				
<b>Fanadiovana ny rano</b>				
▪ Diovina sy kobanina tsara ny tavoahangy mialoha ny hanidinana ny rano ao anatin				
▪ Soloina ny tavoahangy raha toa ka misy kiaka na maloto na mangavoka (tsy mangaranga)				
▪ Fenoina rano hatreny amin'ny 3/4 ;				
▪ Ahontsana mandritry ny 20 segondra,				
▪ Fenoina ary apetraka amin'ny toerana azon'ny tara-masoandro tsara toy ny eny amin'ny tafo ohatra				
▪ Atanina masoandro mandritra ny adiny 6 ny tavoahangy mangaranga toy ny tavoahangy Eau vive misy soratra « PET »; hatramin'ny roa andro raha toa ka manjombona ny andro ka tsy misy masoandro				
<b>A = Totalin'ny isa azo</b>				
<b>B= Totalin'ny TM</b>				
<b>D= Salan'isa: (Totalin'ny isa azo / 18- B) X ampitomboina 100</b>				
Sonian'ny mpampiofana				

## **LOHAHEVITRA D : FANADIOVANA**

### **Taranja 1 : Fampiasana kabone ara-pahasalamana**

#### **Zavakinendry sy votoatiny**

Ity taranja ity dia mampianatra ny mpiofana hahay manorina sy mampiasa kabone ara-pahasalamana, fomba iray hisakanana ny tay tsy ho tafiditra any ambava. Ny mpiofana dia ho lasa modely amin'ny fampiasana kabone ara-pahasalamana sy hanana ny fahaiza-manao ilaina entina hanentanana ny mpiaramonina aminy hampiasa kabone ara-pahasalamana. Averina atao indray mijery ny fepetran'ny kabone ara-pahasalamana, ny toerana azo anorenana azy ary ny dingana lehibe lalovana mandrapahatongavana any amin'ny fiovam-pihetsika ho amin'ny fahadiovana tanteraka.


#### **Tanjona manokana**

Rehefa mifarana ity Taranja, ny mpiofana tsirairay dia hahay :

1. mandray ny mahazava-dehibe ny kabone ara-pahasalamana
2. mamaritra ny kabone ara-pahasalamana
3. miala amin'ireo sakana sy mitondra vahaolana momba ny fananganana, fampiasana ary fahadiovan'ny kabone ara-pahasalamana
4. mampihatra ny fenitra ny kabone ara-pahasalamana → PAFI.

## 1. Ny maha zava – dehibe ny fampiasana ny kabone

Ny fanagadrana ny tay amin'ny alalan'ny fampiasana ny kabone dia isany fiarovana tsara indrindra amin'ny fihanaky aretina avy any ambany miditra any amin'ny vava. Ny lalitra dia mitondra tay ; ary ny tay 1 grama dia ahitana mikraoba any ho any amin'ny iraikambinifolo tapitrisa any, « kystes parasites » aman'arivony, ary atodin'ny « parasites » amanjatony.



*« Ary aoka hisy tany voafaritrao any ivelan'ny toby ho fivoahanao.... dia mihadia lavaka amin'ny fantàka ka totofy ny fivalananao ». Deuteronomia 23: 13,14b.*

## 2. Famaritana ny kabone ara-pahasalamana

Ny atao hoe kabone ara-pahasalamana dia :

- azo sasàna sy voadio ;
- lavapinga tsy misy lalitra mivezivezy (flyproof) ;
- misy sarony ny lavaka ;
- misy varavarana mihidy avy any anatin'ny sy ivelany;
- miaraka amin'ny :
  - fanasàna tàmàna eo ivelany
  - fantsona na lavakombarika fìvezivezen'ny rivotra
  - tafo
  - daba kely misarona fanariana taratasy,
  - kifafa.



**3. Ireo sakana sy vahaolana momba ny fananganana, fampiasana ary fahadiovan'ny kabone ara-pahasalamana**

➤ **Ireo sakana tsy ampiasaina kabone sy ny vahaolana amahana izany**

<b>Sakana</b>	<b>Vahaolana</b>
Tsy fisian'ny kabone mihidy amin'ny lakile	Manainga ny olona amin'ny : - Fanamboarana kabone - Fampiasana kabone ho an'ny daholobe na findramana kabone rehefa tena ilaina izany
Tsy fahampian'ny fahalalana/toetra tapisaka ratsy nahazatra/fomba amam-panao	Asongadina tsara ny maha-zava-dehibe ny fampiasana kabone mandritra ny fanentanana
Tsy fahafantarana ny voka-dratsy ateraky ny tsy fisian'ny kabone	Antitranterina tsara ny voka-dratsin'ny fangerena ankalamanjana mandritra ny fanentanana
Fahalotoan'ny kabone	Mampirisika ny olona hanasa kabone
Fahalaviran'ny toeram-pangerena	Mandresy lahatra ny olona mba hanamboatra ny kabone tsy dia lavitra loatra ny trano fonenany
Lavapiringa efa ho feno	Mampirisika ny tokatrano mba hanodina ny tay ho lasa zezika

➤ **Ireo sakana tsy hananganan'ny olona kabone ara-pahasalamana sy ny vahaolana**

<b>Sakana</b>	<b>Vahaolana</b>
Tsy fahampian'ny enti-manana	Manangom-bola dia hatsaraina tsikelikely ny kabone avy eo
Tsy fahafantarana ny fenitra	Fanampiana ny fokonolona hahafantatra ny fenitra
Tsy fahafantarana ny maha zava-dehibe ny kabone manaraka ny	Antintraterina ny maha zava-dehibe mandritra ny fanentanana


fenitra	
Tsy fahaizana mijery ny laharam-pahamehana eo amin'ny lafimpihariana	Tsindriana tsara ny vola very sy ny voka-dratsin'ny tsy fananana foto-drafitr'asa manara-penitra
Toro-dalana eny an-toerana (fisian'ny tany, ny « nappe » tsy dia lalina)	Fanomezana soso-kevitra

➤ **Ireo sakana tsy hanadiovan'ny olona kabone ara-pahasalamana sy ny vahaolana**

Sakana	Vahaolana
Tsy fahampian'ny fahalalana/toetra tapisaka ratsy nahazatra	Hamafisina ny fanentanana
Tsy fahampian-drano amin'ny fanadiovana	Rehefa tsy mandoto dia efa manadio Manangon-drano Manampy ny mpiasa ao amin'ny tobimpahasalamana (Ohatra : mitondra tavoahany misy rano)
Tsy fahampian'ny fitaovana sy ny singa entina manadio	Fampiasana fitaovam-panadiovana azo avy amin'ny fako nahodina Fanampiana ny mpiasa izay ataon'ny mpisitraka ny tobimphasalamana (ohatra : fitondrana vovon-tsavony)

**4. Fenitra fanorenana kabone**

- 12 à 50m miala amin'ny fantsakana
- 2,50 m miala amin'ny fanambanin'ny rano ao am-patsakana
- Toerana ambany noho ny loharano



### PAFI Kabone ara-pahasalamana (Tahirin-kevitra)

Fomba atao	Pitson' Asa Fanao tena Iaina
<b><i>Fikajiana ny tain'ny ankizy tsy hiparitaka</i></b>	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Raha misy kabone : ariana avy hatrany any anaty kabone ny tain'ny ankizy</li> <li>▪ Raha tsy misy kabone : alevina anaty tany avy hatrany ny tain'ny ankizy, lavitra ny toeram-ponenana no tsara indrindra</li> <li>▪ Mampiasa pô ho an'ny ankizy dia ariana avy hatrany ary diovina isaky ny avy mampiasa</li> </ul>
<b><i>Fampiasana kabone</i></b>	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Ampiasaina ny kabone isaky ny tehangery na hamany</li> </ul>
<b><i>Fenitry ny kabone ara-pahasalamana</i></b>	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Azo sasana ary madio lalandava</li> <li>▪ Tsy misy lalitra</li> <li>▪ Misy fanasana tânana amin'ny rano sy savony</li> <li>▪ Hajaina ny elanelana farafahakeliny 2.5 ka hatramin'ny 3 metatra eo amin'ny fanambanin'ny kabone sy ny havon'ny rano anaty tany</li> </ul>
<b><i>Fikojakojana ny kabone</i></b>	<ul style="list-style-type: none"> <li>▪ Sasana isan'andro farafahakeliny ny kabone</li> <li>▪ Hajaina manadrakariva ny fahadiovan'ny kabone (savony, kifafa, hazavana, ivezivvezen'ny rivotra, elanelan'ny kabone sy ny loharano)</li> </ul>

## **LOHAHEVITRA D : FANADIOVANA**

### **Taranja 2: Fitantanana ny fako**

#### **Zavakinendry sy votoatiny**

Ny taranja dia mikendry indrindra ny hanamafisana ny fahalalana sy ny fahaizamanaon'ireo mpiofana amin'ny fitantanana fako sy amin'ny fanentanana ny mpiara-monina aminy tsy hanaparitaka fako ihany koa.

Mandritry ny fampiofanana ity taranja ity, ny mpiofana dia hahita hoe mandrapahoviana no mitoetra ny karazampako tsirairay avy vao levona, ahoana ny fomba atao hampihenana ny fako, ahoana ny fitantanana ny fako ao antokantrano sy any amin'ny tobimpahasalamana, ahoana ny fomba fanodinana ny fako ho zavatra hafa ilaina toy ny fanaovana zezika komposta na angovo.

#### **TANJONA MANOKANA**

Rehefa mifarana ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia :

1. hahazo tsara ny loza ateraky ny fiparitahan'ny fako eny anivon'ny tontolo iainana ;
2. hahafantatra bebe kokoa ireo karazam-pako kirakirainy ;
3. hahay hitantana fako eny anivon'ny tokantrano ;
4. hahafantatra ny fomba fitantanana ny fako vokariny ao amin'ny tobimpahasalamana ;
5. hahazo tsara ny fomba fanodinana fako.

## 1. Ny faharetan'ny fisian'ny fako mandrapahalevony



KARAZANY	FAHARETANY
Tavoahangy vita amin'ny vera	4000 taona
“Barquette en polystyrène”	1000 taona
Tavoahangy vita amin'ny plastika	500 taona
“Sac en plastique”	300 taona
“Barquette en aluminium”	200 taona
Kapoaka	100 taona
Siligaoma	5 taona
Baorika sigara	1 taona
Gazety	3 hatramin'ny 12 volana
Hoditr'akondro	6 volana
Taolana paoma	4 hatramin'ny 6 volana
“Mouchoir à jeter”	3 volana
Tapakila	3 herinandro

## 2. Ireo karazana fako mety ho kirakirain'ny AC

Ny AC dia mety hikirakira:


- fako avy any an-tokantrano
- fako mivoaka avy eny amin'ny toby AC :
  - fako mitovy amin'ny any an-trano (taratasy, fonosam-panafody, ...)
  - fako ahiana hitondra aretina (vovon-dandihazo maloto, kaompresy, fonon-tanana fampiasa amin'ny fitsaboana, fanafody lany daty, ...)

Marihina fa ny fako ahiana hitondra aretina mivoaka avy eny amin'ny toby dia aterina any amin'ny tobimpahasalamana akaiky azy indrindra mba ho potehina. Ny fako mitovy

amin'ny any an-trano kosa dia atao mitovy amin'ny fako any an-tokantrano ny fitantanana azy.

### 3. Antanan-tohatry ny fitantàna ny fako

Ny dingana fampihenana ny fako

<p>Ny tena tsara indrindra</p>  <p>Ny tena ratsy indrindra</p>	<ol style="list-style-type: none"> <li>1. Tsy mamokatra</li> <li>2. Mampihena</li> <li>3. Mamerina mampiasa</li> <li>4. Manodina/mamadika zavatra hafa</li> <li>5. Averina alaina</li> <li>6. Mikarakara</li> <li>7. Manafoana / Mandevona</li> </ol>
-------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------	-------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

### 4. Fitantanana ny fako eny anivon'ny tokantrano

Toy izao ny fomba fitantanana ny fako eny anivon'ny tokantrano :

- (1) mampiasa fitoera-pako (misy sarony ary imperméable) ho an'ny fako antrano
- (2) taterina isanandro eny amin'ny fitoerapakon'ny kaominina na any anaty lava-pako ny fako
- (3) potehina (alevina na dorana) ny fako ao anaty lava-pako isakerinandro farafahakeliny

Ireto avy ny fitaovana ilaina :

- **fitoeram - pako**

- Mahazaka rano
- misarona
- mifanaraka amin'ny habetsakan'ny fako vokarina isan'andro

- **lavapako**

- Misarona mba ialàna amin'ny biby kely
- Voaharo amin'ny riaka
- Hadiry mifanaraka amin'ny filàna sy ny toetry ny tany

## 5. Fitantanana ny fako eny anivon'ny tobimpahasalamana (tahirinkevitra)

- Fomba fitsinjarana ny fako

# FITSINJARANA NY FAKO ENY AMIN'NY TOBIMPAHASALAMANA

FAKO MITOVY AMIN'NY ANY AN-TRANO	FAKO AHIANA HITONDRA ARETI-MIFINDRA
<p><b>FITOERAM-PAKO MAITSO NA MAINTY</b></p> <p>➤ <b>Taratasy sy fonosana :</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• Fonosana fanafody, tsindrona, fitaovam-pitsaboana, fitaovam – panadiovana,</li> <li>• Taratasy, gazety, valopy, fako ao amin'ny birao, ...</li> </ul> <p>➤ <b>Fako avy amin'ny sakafo na zaridaina :</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• Poti-kanina, ambin-tsakafo,</li> <li>• Hoditra voankazo sy legioma,</li> <li>• Ravin –kazo nihintsana, ...</li> </ul> <p>➤ <b>Plastika :</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• Tavoahangy/boaty plastika lany sy tsy nikasoka tamin'ny tsiranoka biolojika,</li> <li>• Fonon-tanana fampiasa ao an-tokantrano, ...</li> </ul> <p>➤ <b>Vera :</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• Tavoahangy foana tsy ahiana nitakosana tamin'ny ra na tsiranoka,</li> <li>• Vazy, ...</li> </ul> <p>➤ <b>Fako avy amin'ny fitsaboana tsy ahiana nitakosona tamin'ny ra na tsiranoka :</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• Lamba sy tatin-jaza,</li> <li>• "Plâtres", hazo fanao amin'ny tapaka sy folaka, ...</li> </ul>	<p><b>FITOERAM-PAKO MAVO NA MENA</b></p> <p>➤ <b>Fitaovana miasa indray mandeha mihoson-drà na tsiranoka :</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• "Tube" na kitapo fitoeran—drà foana,</li> <li>• Tady famindrana rà na avy nampiasaina nitakosoka tamin-drà,</li> <li>• Fitatazana amany, kitapo famoahana maloto,</li> <li>• Sôndy : fanomezana sakafo, famaniana,</li> <li>• "Redons",</li> <li>• Fitaovam-panindromana efa niasa,</li> <li>• Fitaovana nampiasana tamin'ny fery, vovodandiao maloto, kaompresy ,kofehy,</li> <li>• Fonon-tanana fampiasa amin'ny fitsaboana, ...</li> </ul> <p>➤ <b>"Pièces anatomiques" :</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• Ahitra,</li> <li>• Nify,</li> <li>• " Pièces opératoires", ...</li> </ul> <p>➤ <b>Fanafody lany daty</b></p>
<p><b>FITOERAM-PAKO MAITSO NA MAINTY</b></p> <p style="text-align: center; color: green;">FITOERAM-PAKO TSOTRA</p> <p style="text-align: center; font-size: small;">Fikarakarana fako tsotra</p>	<p><b>FITOERAM-PAKO MENA NA MAVO</b></p> <p style="text-align: center; color: red;">FITOERAM-PAKO AHIANA HITONDRA ARETINA</p> <p style="text-align: center; font-size: small;">Fikarakarana manokana</p>
<p><b>BOATY FANANGONANA FANJAITRA NA ZAVA - MARANITRA / MANDIDY</b></p> <p>➤ <b>Zavatra maranitra</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• Fanjaitra,</li> <li>• "Cathéter",</li> <li>• "Epicrânienne", ...</li> </ul> <p>➤ <b>Zavatra mandidy</b></p> <ul style="list-style-type: none"> <li>• "Lames bistouri",</li> <li>• Hareza,</li> <li>• Tavoahangy vaky, ...</li> </ul> <div style="border: 1px solid black; padding: 5px; width: fit-content; margin: 5px auto;"> <p style="font-size: x-small; text-align: center;">BOATY FANANGONANA FANJAITRA NA ZAVA-MARANITRA SY MANDIDY</p> </div>	
<p><b>FANANGONANA NY FAKO MALOTO MISOY ARETINA ALEFA HODORANA</b></p>	

### FAKO TSARA TANTANA, ANTOKY NY FAHASALAMANA SY TONTOLO IAINANA MADIO

Ireto avy ny fitaovana ilaina mahazatra ho an'ny fitsinjarana ny fako eny amin'ny tobimpahasalamana :

- Fitoeram-pako miloko maitso na mainty : ho an'ny fako mitovy amin'ny fako mitovy amin'ny any an-trano
- Fitoeram-pako mena na mavo : ho an'ny fako ahiana hitondra aretina
- Boaty fanangonana fanjaitra na zava-maranitra sy mandidy

Ny fako avy eny amin'ny tobim-pahasalamana dia tsy azo tehirizina mihoatra ny 48 ora anaty efitra namokarana azy.

Ny fako mampidi-doza dia entina potehina eny amin'ny lava-pako voaaro ao amin'ny tobimpahasalamana.

- Filazalazana ny fomba fampiasana ny lava-pako voaaro



1. Taterina ny fako mampidi-doza sy ny boaty fasiana fako maranitra sy mandratra ary manindrona efa feno fako ho tonga eny amin'ny toerana fandroana fako mialoha ny handorana azy ;
2. Fadiana ny manokatra ny boaty misy zava-maranitra na manindrona na mandratra ;
3. Anaovana ny fitaovana fiarovana rehetra toy ny aro-tànana, aro vava sy aro orona sns...
4. Alatsaka ao anaty lavaka ireo fako voatanisa tetsy ambony ;
5. Fafazana solitany ny fako (na singa hafa mora mirehitra) dia doroina ;
6. Ilazana ny mponina manodidina mba tsy hanakaiky io toerana fandroana io;
7. Arahi-maso ny fandroana ny fako mba ho azo antoka fa may tsara ny fako ary levona avokoa
8. Vao maty ny afo ka efa mangatsiaka amin'izay ny lavenona dia saromana tany kelikely amin'izay tsy ahitana azy intsony. Rehefa izany dia akatona ny varavaran'ny lava-pako vita amin'ny hazo.





## 6. Fanodinana ny fako

### ▪ Fanaovana zezika komposta

Ny fanaovana zezika dia fomba iray ahafahana mampihena ny fako mivaingana ary manodina ny ambin-tsakafy sy ny fako eny an-jaridaina hanjary singa ilaina mampamokatra ny voly.

- **Tahan'ny Carbone/Azote** : raha efatra ny fatran'ny « carbone » dia iray kosa ny fatran'ny « azote » isaky ny hadiry ilaina.
  - Ireto avy no ahitana « Carbone »: ravina efa maina, mololo, vovoka hazo miraraka avy nitsofàna hazo, tapaka rantsan-kazo, gazety efa potika
  - Ireto avy no ahitana « Azote » : legioma sy ambina voankazo, tain'omby, zavamaniry maitso, bozaka vao avy nosorohina tamin'ny tany.
- **Tahan'ny rivotra « oxygène »** : koa satria mila rivotra ny zezika komposta dia tsy maintsy avadibadika matetika ny komposta mba hahazoany rivotra hanafainganana ny fahalôvany.
- **Tahan'ny hamandoana**: mila tondrahana rano matetika ihazonana ny hamandoana trararina.

### ▪ Famerenana fampiasana (Ohatra tavoahangy atao vazim – boninkazo)

### ▪ Famokarana angovo

Ny famokarana angovo dia tsy mila rivotra. Ny entona (méthane) azo avy amin'ny fampiasana fitaovana manokana toy ny « biodigesteur » dia azo andrahoana sakafy fa ny fotaka avy ao amin'ny « biodigesteur » kosa dia azo amerenana ny tsiron'ny tany hahavokatra indray.

## **LOHAHEVITRA E : FIDIOVANA**

### **Taranja 1 : fahadiovan'ny tònana**

#### **Zavakinendry sy votoatiny**

Ny fanasana tònana ihany no fomba tokana ahafahana manaisotra ny loto eny amin'ny tònana.

Ny votoatin'ny taranja dia ny hahalalan'ny ny mpiofana ny tsara sy ny fahaizama-nao ilaina ahatonga azy ireo afaka hanaja ny fahadiovan'ny tònana mandrakariva ary hanaitra ny mpiara-monina hitandro koa ny fahadiovan'ny tònana mandrakariva araka ny fitaovana misy eo ampelatanany.

#### **Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia afaka :

1. manazava tombontsoa azo avy amin'ny fanasana tònana ;
2. mamaritra ireo dingan'ny fanasana tònana amin'ny rano sy savony ;
3. mitanisa ireo fotoana fototra dimy fanasana tònana ;
4. manamboatra tippy tap.

### 1. PAFI fanasanana tanana

- Azo soloina lavenona ny savony
- Aminina amin'ny rivotra ny tanana

### 2. Fotoana fototra dimy

- Alohan'ny hikarakarana sakafo ;
- Alohan'ny hanomezana sakafo ny zaza ;
- Sasana matetika ny tanan'ny zaza ;
- Avy mamitra zaza ;
- Avy any ankapobane

### 3. Lisitra fanamarinana fanasana t nana amin'ny rano sy savony

**1 = Mety** : hita ary natao ity dingana ity araka ny fenitra

**0 = Tsy mety/mila atsaraina** : Natao ny dingana saingy mbola mila hatsaraina

**0 = Tsy hita** : Tsy natao ary tsy hita ity dingana ity

**TM = Tsy Mifandraika =** : Tsy miasa ity dingana ity tamin'ny fampiharana natao

FANASANA T�NANA AMIN'NY RANO SY SAVONY					
	TRANGA				
DINGANA/ASA					
<b>Fanomanana</b>					
5. Manomana rano madio, savony, famafana t�nana raha misy					
6. Manomana daba-pako hanariana famafana t�nana					
<b>Fanasana t�nana</b>					
7. Lemana tsara amin'ny rano ny t�nana					
8. .Kajiana tsy hipitika amin'ny fitafiana na ny vatana ny rano					
9. Hosorana savony ny atit�nana					
10. Ampifanohofina ny felat�nana roa , kosehina miodina					

FANASANA TÀNANA AMIN'NY RANO SY SAVONY					
DINGANA/ASA	TRANGA				
	11. Apetraka eo ambonin'ny vohotànana havia ny felatànana havanana. Kosehina , ampifampidirina ny elakelatànana.				
12. Apetraka eo ambonin'ny vohotànana havanana ny felatànana havia. Kosehina , ampifampidirina ny elakelatànana.					
13. Ampifanohofina ny atitànana roa. Kosehina , ampifampidirina ny elakelatànana					
14. Ampifanohofina ny felatànana sy ny ivohon'ny rantsatànana ilany miforitra . Kosehina .					
15. Fehezin'ny felatànana havia ny ankihbe havanana Kosehina mihodina amin'ny tànana havia					
16. Fehezin'ny felatànana havanana ny ankihbe havia Kosehina mihodina amin'ny tànana havanana.					
17. Akambana ny rantsatànana havanana Kosehina mihodina ao anaty felatànana havia.					
18. Akambana ny rantsatànana havanana Kosehina mihodina ao anaty felatànana havia					
19. Kobanina tsara amin'ny rano madio ny tànana.					
20. Amainina ka ahifikifika amin'ny rivotra ny tànana na fafana amin'ny famafana tànana madio					
21. Ariana ao anaty dabapako ny famafana tànana avy nampiasaina na alefa sasana avy hatrany raha lamba					
22. Maharitra 40 hatramin'ny 60 segondra ny fanasana tànana					
<b>A = Totalin'ny isa azo</b>					
<b>B= Totalin'ny TM</b>					
<b>D= Salan'isa: (Totalin'ny isa azo / 18- B) X ampitomboina 100</b>					
Sonian'ny mpampiofana					

#### 4. Lisitra fanamarinana fanadiovana tànana amin'ny solution /gel hydro-alcoolique)°

**1 = Mety** : hita ary natao ity dingana ity araka ny fenitra

**0 = Tsy mety/mila atsaraina** : Natao ny dingana saingy mbola mila hatsaraina

**0 = Tsy hita** : Tsy natao ary tsy hita ity dingana ity

**TM = Tsy Mifandraika** = : Tsy miasa ity dingana ity tamin'ny fampiharana natao.

FANADIOVANA TÀNANA AMIN'NY RANO MISY ALIKAOLA ( SOLUTION /GEL HYDRO-ALCOOLIQUE)°					
DINGANA/ASA	TRANGA				
<b>Fanomana</b>					
1. Omanina ny rano misy alikaola (solution /gel hydro-alcoolique)°					
<b>FANADIOVANA TÀNANA</b>					
2. Araraka ao anaty felatànana ny rano misy alikaola (3–5 ml)					
3. Ampifanohofina ny felatànana roa, kosehina miodina					
4. Apetraka eo ambonin'ny vohotànana havia ny felatànana havanana. Kosehina , ampifampidirina ny elakelatànana.					
5. Apetraka eo ambonin'ny vohotànana havanana ny felatànana havia. Kosehina , ampifampidirina ny elakelatànana					
6. Ampifanohofina ny atitànana roa. Kosehina , ampifampidirina ny elakelatànana.					
7. Ampifanohofina ny felatànana sy ny ivohon'ny rantsatànana ilany miforitra . Kosehina					
8. Fehezin'ny felatànana havia ny ankihbe havanana Kosehina mihodina amin'ny tànana havia					
9. Fehezin'ny felatànana havanana ny ankihbe havia Kosehina mihodina amin'ny tànana havanana					
10. Akambana ny rantsatànana havanana Kosehina mihodina ao anaty felatànana havia.					
11. Akambana ny rantsatànana havia Kosehina mihodina ao anaty felatànana havia.					
12. Maharitra 20 hatramin'ny 30 segondra ny fanadiovana tànana.					
<b>A = Totalin'ny isa azo</b>					
<b>B= Totalin'ny TM</b>					
<b>D= Salan'isa: (Totalin'ny isa azo / 12- B) X ampitomboina 100</b>					
Sonian'ny mpampiofana					

## 1. LISITRA FANAMARINANA FANAMBOARANA TIPPY TAP

**1 = Mety** : hita ary natao ity dingana ity araka ny fenitra

**0 = Tsy mety/mila atsarina** : Natao ny dingana saingy mbola mila hatsarina

**0 = Tsy hita** : Tsy natao ary tsy hita ity dingana ity

**TM = Tsy Mifandraika** = : Tsy miasa ity dingana ity tamin'ny fampiharana natao.

FANAMBOARANA TIPPY TAP					
DINGANA/ASA	TRANGA				
<b>Fanomanana</b>					
1. tavoahangy plastika misy sarony					
2. tady eo amin'ny 0,5 – 1 metatra					
3. fantsika					
4. hazo hanantonana ny tippy tap					
5. rano madio					
<b>FANAMBOARANA TIPPY TAP</b>					
6. Lavahina 2 na 3 ny sarony					
7. Fatorana amin'ny tady eo amin'ny vozony sy ny vody tavoahangy					
8. Lavahina iray ihany koa eo amin'ny tendany					
9. Ahantona amin'ny tsatokazo					
10. Avelao hikoriana ny rano rehefa domina amin'ny kiho.					
<b>A = Totalin'ny isa azo</b>					
<b>B= Totalin'ny TM</b>					
<b>D= Salan'isa: (Totalin'ny isa azo / 12- B) X ampitomboina 100</b>					
Sonian'ny mpampiofana					

## **LOHAHEVITRA E: FIDIOVANA**

### **Taranja 2 : fahadiovan'ny sakafo**

#### **Zavakinendry sy votoatiny**

Ny fahadiovan'ny sakafo dia singa iray lehibe anisan'ny manan-danja indrindra anaty fahadiovana ary tokony ampiharina mandrakariva mandritra ny fikarakarana sakafo, na manta izany na masaka, mba ahafahana misitraka sakafo ara-pahasalamana sy mampihena ny aretina vokatry ny sakafo.

Ny taranja dia mikendry ny hanamafy ny fahalalana sy fahaiza-manaon'ny mpiofana rehetra momba ny fahadiovan'ny sakafo.

Ny votoantin'ny fiofanana dia ny hahafantaran'ny mpiofana ny mahazava-dehibe ny fahadiovan'ny sakafo sy ireo fitaovana eo am-pelatanana mandritra ny fotoana fikarakarana sy ny fihinanana sakafo.

#### **Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia afaka:

- 1- manazava ny mahazava-dehibe ny fahadiovan'ny sakafo ;
- 2- mamantatra ireo fepetra ara-pahasalamana raisina mandritra ny fikarakarana sakafo.

**1- Mahazava-dehibe ny fahadiovan'ny sakafo**

- Mitarika fahalotoan'ny sakafo ny bakteria na poizina raha toa ka misy fandikana ny fomba fanao fototra momba ny fahadiovana ara-tsakafo
- Poizina: akora vokarin'ny zavamananaina toy ny bakteria
- Bakteria vitsy sy poizina kely dia ampy hiteraka loza lehibe hoan'ny fahasalamana
- Mitombo ny risika ho an'ny olona izay marefo ny rafi-pandevonan-kanina sy ny hery fanefitra hiady amin'ny bakteria sy hanivana ny poizina
- Fisehoan'ny fanapoizinana :
  - o fanaintainan'ny kibo,
  - o fivalanana,
  - o maloiloy, mandoa,
  - o aretina an-doha,
  - o fanaviana mahery indraindray
- Vokatry ny fanapoizinana :
  - o tsy fahombiazan'ny taova sasany (voa, aty, sns.),
  - o fahafatesana

**2- Fepetra ara-pahasalamana raisina mandritra ny fikarakarana sakafo**

<b>SOKAJY</b>	<b>FEPETRA</b>
<b>Rano</b>	Mampiasa rano madio mandritra ny fikarakarana
<b>Tànana</b>	Manasa tànana amin'ny rano sy savony mialohan'ny hikarakarana sy hihinana sakafo
<b>Sakafo manta, nohamainina</b>	Ialana ny fihinana sakafo efa manomboka mivadika ny fofona/loko/tsiro
<b>Vokatra masaka efa azo hohanina avy hatrany</b>	Jerena raha araka ny tokony ho izy ny fomba nitehirizana ilay sakafo. Tsy andrasana ela loatra ny fotoana namokarana ny fihinana azy Hohanina mafana raha azo atao
<b>Fitaovanam-pihinana</b> : sotro, vilia, kaopy, vilany, jog, fitoerana, sns	Diovina tsara amin'ny rano sy savony mialoha sy aorian'ny nampiasana azy ireo fitaovana, kobanina tsara



<b>SOKAJY</b>	<b>FEPETRA</b>
<b>Voankazo sy legioma :</b> akondro, voasary, paise, sôsety, ovy, karoty	Sasana amin'ny rano sy savony tsara, kobanina tsara, ary tehirizina any amin'ny toerana misarona sy lavitra ny vovoka
<b>Anana</b>	Sasana tsara : lomana anaty rano mandritra ny 05 minitra, avela hitsiaka, diovina fanindroa, avela hitsiaka izay vao tetehina sy handrahoina
<b>Salady :</b> laisoa, anandrano, sns	Lomana mandritra ny 05 minitra anaty rano misy vinaigitra kely na Sur'eau izay vao sasana, avela hitsiaka izay vao karakaraina
<b>Hena</b>	Jerena raha misy fitomboka manga napetraky ny tomponandraikitra amin'ilay hena izay manamarina fa azo hanina ny hena Sasana tsara amin'ny rano madio, esorina ny potika hazo aminy Atao masaka tsara vao hohanina
<b>Ronono velona</b>	Avy nampangotrahina vao sotroina
<b>Ronono anaty boaty</b>	Sasana kely ilay fitoerany vao sokafana
<b>Sakafo anaty boîte de conserve</b>	Jerena ny daty sao lany andro Sasana amin'ny rano sy savony ilay boaty vao sokafana Tsara raha hohanina avy hatrany vantany vao novohana ny fonosana
<b>Sakafo anaty fonosana :</b> biscuits, sns	Jerena ny daty sao lany andro Tsy sokafana amin'ny vava ny fonosana fa amin'ny tãnana madio sy misy gel désinfectant kely raha mety
<b>Hazan-dranomasina</b>	Esorina raha misy kirany Sasana tsara indrindra eo akaikin'ny traoka ary esorina ny tsinainy, kobanina tsara izay vao andrahoina Miezaka tsy mihinana ny faritry ny loha raha azo atao

## **TOROLALAM-PANOFANANA**

### **LOHAHEVITRA E : FIDIOVANA**

#### **Taranja 3 : Fahadiovana mandritra ny fadimbolana**

##### **Zavakinendry sy votoatiny**

Ity taranja ity dia natokana hiresahana ny fahadiovana mandritry ny fadimbolana. Mikendry ny hanamafisana ny fahalalana sy ny fahaiza-manao ny mpiofana mba hanatsarana ny fandraisan'ny mpiara-monina sy ny fihetsika manoloana ny vehivavy tonga fadim-bolana ary manentana ireo vehivavy hitandro mandrakariva ny fahadiovana mandritry ny fadim-bolana.

Mandritra ity taranja ity, ny mpiofana dia hahafantatra ny olana sedrain'ireo vehivavy tonga fadim-bolana maneran-tany, ny famaritana ny atao hoe fadim-bolana, ny mahazava-dhibe ny fahadiovana mandritry ny fadim-bolana, ny fepetra ilaina itandrovana ny fahadiovana mandritry ny fadim-bolana.

##### **Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia afaka :

1. manazava ny famaritana, ny fisehon'ny fadimbolana, ary ny olana manodidina izany ;
2. mifehy ny fomba mahomby itandroavana ny fahadiovana mandritry ny fadimbolana ;
3. mampiroborobo ny fanamboarana salaka azo sasana.

## **1. Famaritana ny fadimbolana**

Fivoahan'ny rà eo amin'ny taovam-pananahan'ny vehivavy tsy bevohoka. Tonga isam-bolana izany fotoana izany manomboka amin'ny fahamaotina (puberté) ka hatramin'ny fitsaharam-potoanany (menopause). Voajanahary ny fadimbolana ary mariky ny fahasalamana.

## **2. Fisehon' ny fadimbolana**

- Mety hisy fambara mialohan'ny atongavan'ny fadimbolana : maharary ny valahana, mavesatra maharary ny nono, maharary ny loha, mahatsiaro reraka na fanina, mizihitra ny kibo, mora tohina na kizitina, ... (mety tsy hisy fambara koa).
- Maharitra 3- 5 andro ny fadimbolana dia mandeha rà be @ andro 2 voalohany fa avy eo dia mihamihena ny habetsany. Indraindray mitohy ilay maharary ao @ valahana indrindra @ andro faha-2 arakaraka ny toe-batan'ny olona.
- 28 andro @ ankapobeny fa miova araka ny toe-batan'ny olona.

## **3. Olana sedraina ny fadimbolana**

- Fahanginana manodidina ny fadimbolana
- Fahazoana fahalalana voafetra

➔ Tatitra avy amin'ny UNICEF :

- Azia Atsimo : vehivavy 1 amin'ny 3 tsy nahalala na inona na inona momba ny fadimbolana,
  - Iran : 48% ny tovovavy tsy nahalala na inona na
  - Inde : 10% ny tovovavy any Inde no mino fa aretina ny fadimbolana
- Fomba amam-panao malagasy :
- Fady, mahamenatra ny manodidina ny fadimbolana (zava-dratsy, maloto,...)
  - Voafetra ny fitaovana ilaina amin'ny fadimbolana (rano madio hisasana, savony sy salaka madio)
  - Tsy fahampian'ny fotodrafitrasa ho an'ny fidiovana

## **4. Fidiovana mandritra ny fadimbolana**

### **a) Vatana**

- Sasana tsara @ rano madio sy savony daholo ny faritra mamoka fofona @ vatana (vava, helika, tenda, tongotra, elakelape).
- Sasana rano madio in-2 isan'andro farafahakeliny ny fivaviana.
- Sasana @ rano sy savony ny tanana isaky ny avy misolo salaka.

**b) Fitaovana**

- Silipo madio no anaovana rehefa avy misasa (tsara raha vita @ hasy).
- Salaka voatokana ho an'ny olona iray, soloina isaky ny adin'ny 4 raha ela indrindra na rehefa vonto rà.
  - o Salaka azo averina anaovana: sasana amin'ny rano sy savony, ariana raha mihoatra ny 6 volana ny salaka.
  - o Salaka fanary : ariana any toerana azo antoka, fidiana ny akora nanaovana azy, tsy efa niala ela anaty fonosana.
- Sio, zinga, koveta, rano, savony fisasana tsy afangaro amin'ny fitaovana ao andakozia. Diovina matetika ihany koa amin'ny rano sy savony ny anaty sy ivelan'ny fitaovana.

**d) Toerana fidovana**

- Toerana mitokana, azo antoka (mihidy, madio)
- Misy fitaovana rehetra ilaina, toerana hanariana na handorana ny salaka fanary avy nampiasaina, toerana anahazana ny salaka sy silipo avy nosasana (tsy ho talaky mason'ny mpandalo nefa azon'ny masoandro).
- Tondrahana alohan'ny ialana tao mba tsy hisy rà miparitaka tavela ao



**5. Fanamboarana salaka**

## **TOROLALAM-PANOFANANA**

### **LOHAHEVITRA E: FIDIOVANA**

#### **Taranja 4 : fahadiovan'ny toeram-ponenana sy toeram-piasana**

##### **Zavakinendry sy votoatiny**

Anisan'ny antoka lehibe misoroka ny fifindran'ny aretina avy amin'ny biby mankany amin'ny olombelona sy ny aretina vokatry ny fahalotoan'ny rivotra ny fahadiovan'ny toeram-ponenana.

Ankoatra ireo aretina avy amin'ny toeram-ponenana ireo nefa dia anisan'ny mety voakasika ny aretina hafa ihany koa ny mpisitraka tobim-pahasalamana sy ny mpanentana ara-pahasalamana vokatry ny mikraoba tsy voafehy eny amin'ny toeram-piasana mandritra ny fandraisan an-tànana ny mpisitraka iray.

Ny taranja dia mikendry ny hanamafy ny fahalalana sy ny fahaiza-manaon'ny mpiofana rehetra momba ny fahadiovanan'ny toeram-ponenana sy toeram-piasana. Ampahafantarina ny mpiofana mandritra izany ny fepetra rehetra arahina arakaraka ny toerana hodiovina. Ity taranja ity ihany koa dia mampahafantatra amin'ny antsipiriany ireo mpanentana ara-pahasalamana ny fomba fanadiovana ary koa ny fikarakarana rano mamono mikraoba avy amin'ny Eau de javel.

##### **Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia afaka:

- 1- manazava ny mahazava-dehibe ny fahadiovan'ny toeram-ponenana ;
- 2- manazava ny antony hanadiovana ny toeram-piasana sy ireo fomba fanadiovana isan-karazany ;
- 3- mahafantatra ny fomba fikarakara rano misy « chlore ».

### **1- Antony hanadiovana ny toeram-ponenana**

- Ny vovoka, ny loto ary ny fako au an-trano dia manintona ny bibikely sy voalavo ka mety mitarika aretina samihafa
- Mampirongatra ny aretin'ny taavam-pisefoana sy aretimaso ny setroka sy fahalotoan'ny rivotra vokatry ny fahandroana sakafo ao amin'ny efitrano fatoriana
- Ny loto ao anaty toeram-ponenan'ny biby dia mahatonga fiforonana sy fifindran'ny aretim-biby mankany amin'ny olona

### **2- Tombontsoa amin'ny fananana toeram-ponenana madio**

- Fahazoana torimaso am-pilaminana, lavitra ny fofona sy ny bibikely manelingelina
- Fananana efitrano manintona sy mahatamana
- Fampihenana ny rarintsaina
- Fiarovana ny fahasalaman'ny olombelona sy ny biby
- Fisorohana ny aretin-koditra, ny areti-maso ary ny aretin'ny taavam-pisefoana (avy amin'ny vovoka, bobongolo)
- Fanapahana ny fifindran'ny aretim-biby mankany amin'ny olombelona

### **3- Toromarika arahina hikajiana ny fahadiovan'ny toeram-ponenana**

- Fandaminana sy fanadiovana isanandro ny efitrano
- Fadiana ny mahandro sakafo ao amin'ny efitrano fatoriana
- Fikarakarana sy fanadiovana isan'andro ny fonenan'ny biby
- Fadiana ny mampiray trano ny olombelona sy ny biby fiompy

### **4- PAFI fahadiovan'ny toeram-piasana**

<b>Méthode</b>	<b>Pitson'Asa Fanao tena Iaina</b>
<i>Fanadiovana ny faritra iasana (sol, rindrina)</i>	<ul style="list-style-type: none"><li>▪ Mampiasa rano madio</li><li>▪ Fizotry ny fanadiovana : mikisaka avy amin'ny toerana tsy maloto indrindra no mankany amin'ny maloto indrindra, avy any ambony no midina, avy any ivelany no miditra anatiny</li><li>▪ Diovana isan'andro na mihoatra raha ilaina</li></ul>
<i>Fampihenana ny fiparitahan'ny vovoka</i>	<ul style="list-style-type: none"><li>▪ Fitaovana mando no anesorana ny vovoka</li><li>▪ Lemana ny fomba fanadiovana</li></ul>

<i>Fanadiovana ireo fitaovana</i>	<ul style="list-style-type: none"> <li>Fanesorana ny mikraoba, fanadiovana, famonoana mikraoba sy fitahirizana ireo fitaovana voadio tsy misy mikraoba</li> </ul>
<i>Fahadiovan'ny toerana iasana</i>	<ul style="list-style-type: none"> <li>Fanesorana ny lobolobo manodidina ny tokotany</li> </ul>

**5- Ny mampiavaka ny « nettoyage » sy « désinfection »**

<b>Fanasana (nettoyage)</b>	<b>Fanesorana mikraoba (désinfection)</b>
Fanadiovana sy fanesorana ireo loto hita maso toy ny vovoka, fotaka, tsiranoka, rà, rehoka, sns amin'ny alalan'ny rano sy détergent.	Fampihenana ny isa sy ny herin'ny mikraoba mitoetra amina faritra iray. Marihina fa misy ireo mikraoba tsy matin'izany (spores, virus sasany).

**6- Fanadiovana sy famonoina mikraoba amin'ny faritra misolitika**

*Tsy hita maso intsony ilay faritra nisolitika*


*Misy faritra misolitika*

- 1) Diovana amin'ny serpillère nohamandoina tamina ranon-tsavony ilay faritra
- 2) Diovana amin'ny serpillère nohamandoina tamina rano hafa nisy chlore 0,5% avy eo
- 3) Avela ho mainan'ny rivotra

- 1) Hamandoina amin'ny rano misy chlore 0,5% ny lamba natokana hanadiovana ny rindrina na faritra voaloto
- 2) Diovana amin'ny lamba madio nisy ranon-tsavony ilay faritra avy eo
- 3) Avela ho mainan'ny rivotra

**7- Fomba fikarakarana rano misy « chlore » 0,5% avy amin'ny « eau de javel » 5%**

Maka **1 famarana amin'ny « eau de Javel » 5% ampiana rano madio 9 famarana** (rano madio raha azo atao).



## TOROLALAM-PANOFANANA

### **LOHAHEVITRA F : FIOVAN'NY TOETRANDRO**

#### **Taranja 1 : RFF sy fiovan'ny toetrandro**

##### **Zavakinendry sy votoatiny**

Ny toetrandro dia anisan'ny toe-javatra mamaritra ny fahasalaman'olombelona. Ankehitriny, vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana dia misy ny fiovan'ny toetrandro izay miteraka loza manambana hoan'ny fahasalamana. Ny sehatra ny RFF dia anisan'ny marefo amin'ny fiovan'ny toetrandro.

Ny taranja dia mikendry ny hanamafy ny fahalalana sy fahaiza-manaon'ny mpiofana rehetra hampitomboina ny fahaizamiarin'ny sehatra ny RFF manoloana ny fiovan'ny toetrandro.

Ny votoantin'ny fiofanana dia ny hahafantaran'ny mpiofana ny fifandraisan'ny sehatra RFF sy fiovan'ny toetrandro ary ny fahasalamana. Horesahana manokana amin'izany ireo ezaka vita sy hafatra fototra hampitombo ny fahaizamiatrika ny fiovan'ny toetrandro.

##### **Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia afaka:

- 1- manazava ny fifandraisan'ny fahasalamana, fiovan'ny toetrandro sy ny RFF ;
- 2- mamantatra ireo andraikitra ny Ministeran'ny fahasalamambahoaka amin'ny fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro ;
- 3- mitanisa ireo hafatra fototra ampitaina amin'ny fiaraha-monina manoloana ny fiovan'ny toetrandro.



**1- Ny fifandraisan'ny fahasalamana, fiovan'ny toetrandro sy ny sehatra ny Rano**

<b>SEHATRA RFF</b>	<b>FISEHO SY VOKATRY NY FIOVAN'NY TOETRANDRO</b>	<b>VOKADRATSY AMIN'NY FAHASALAMANA</b>
<b>RANO</b>	Faharitran'ny rano vokatry ny tsy fahampian'ny orana	- Aretim-pivalanana - Tsy fanjariantsakafo - Rarintsaina
	Faharatsian'ny kalitaon'ny rano fisotro vokatry ny loza voajanahary misesisesy sy mahery vaika (cyclone, tondradrano)	- Aretim-pivalanana
	Fahamasinan'ny rano anaty lavadrano hoan'ny faritra amorontsiraka	- Aretin'ny fo sy lalandrà

**2- Ny fifandraisan'ny fahasalamana, fiovan'ny toetrandro sy ny sehatra ny Fanadiovana**

<b>SEHATRA RFF</b>	<b>FISEHO SY VOKATRY NY FIOVAN'NY TOETRANDRO</b>	<b>VOKADRATSY AMIN'NY FAHASALAMANA</b>
<b>FANADIOVANA</b>	Firongatra aingana an'ireo bibikely antanety vokatry ny fiakaran'ny maripana manerantany (tazomoka, tazokilalaka, kongona)	- Tazo - Tazo vony - Dengy - Chikungunya
	Fikisahan'ireo bibikely anaty rano miandrana vokatry ny hafanana	- Bilariziozy - Kankana
	Fisian'ny aretimbiby vokatry ny fiovan'ny	- Pesta

	toetrandro	
	Fahasimbana sy tsy faharetan'ny foto-drafitrasa tahaka ny kabone vokatry ny loza voajanahary misesisesy sy mahery vaika (cyclone, tondradrano)	- Aretim-pivalanana - Ratra/ fahafatesana

**3- Ny fifandraisan'ny fahasalamana, fiovan'ny toetrandro sy ny sehatra ny Fidiovana**

<b>SEHATRA RFF</b>	<b>FISEHO SY VOKATRY NY FIOVAN'NY TOETRANRO</b>	<b>ARETINA</b>
<b>FIDIOVANA</b>	Fahalotoan'ny ranomasina vokatry ny loto entin'ny cyclone/tondra-drano/rivotra Fiakaran'ny hafanan'ny ranomasina	- Fahampoizininana vokatry ny fihinanana hazan-dranomasina
	Faharatsian'ny kalitaon'ny rano fidiovana vokatry ny loza voajanahary misesisesy sy mahery vaika (cyclone, tondradrano)	- Aretin-koditra - Aretin'ny taovam-pananahana
	Fahalotoan'ny rivotra	- Aretin'ny taovam-pisefoana - Aretimaso

#### **4- Andraikitra ny Ministeran'ny fahasalamambahoaka amin'ny fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro**

- Fisorohana ny aretina mifandraika amin'ny fiovan'ny toetrandro amin'ny fanaparihahana ny « bulletin climat-santé » Hotline 321Airtel ;
- Fandraisana an-tanana ireo marary rehetra eny anivon'ny CSB sy hopitaly;
- Fandraisana an-tanana ireo zaza tratry ny tsy fanjariantsakafo eny amin'ny toby AC.

#### **Hotline 321**

- Raha mila vaovao na torohevitra mahakasika ny aretina mifandraika amin'ny toetrandro ahiana hirongatra amin'ny faritra (distrika) iray dia **miantso ny laharana 321 amin'ny « Airtel » na 033 33 00 321 hoan'ireo tambanjotran-tserasera hafa.**
- 0 Ar ny saran'ny antso raha in-6 miantso amin'ny « Airtel » anaty 01 volana. Andoavana 200 Ar/minitra raha tambanjotra hafa.

#### **5- Fepetra hiatrehana ny fiovan'ny toetrandro**

Ireto avy ireo hafatra fototra ampitaina amin'ny fiarahamonina:

- araho ny toromarika fiomanana sy fiatrehana ny loza;
- mihinàna hazan-drano azo antoka;
- matory ao anaty lay misy ody moka mandavan-taona;
- fongory ny toerana fanatodizan'ny moka;
- mampiasà angovo maintso ao an-tokantrano;
- manorena trano amin'ny toerana azo antoka;
- arovy ny lavadrano sy ny loharano tsy ho voaloto;
- kajio ny fahadiovan'ny toeram-ponenana;
- voleo ny legioma sy voankazo;
- mampiasà kabone ara-pahasalamana;
- manatona hatrany tobimpahasalamana ahazoana maka torohevitra.

Ireto avy ireo hafatra fototra ampitaina amin'ny ankizy :

- araho hatrany ireo fepetra fiatrehana ny loza voajanahary amin'ny haino aman-jery ;
- kajio ny fahadiovan'ny vatana sy ny toeram-ponenana ;
- mihinàna sakafo mafana sy maroloko ;
- ahenao ny fampiasana fonosana plastika ary ario anaty dabam-pako ny fakonao ;
- manaova zaridaina ary voleo ny hazo.

## **LOHAHEVITRA G : SERASERA**

### **Taranja 1 : fahalalana ankapobeny mahakasika ny serasera ho an'ny fiovam-pihetsika**

#### **Zava-kendrena sy votoatiny**

Ny serasera amin'ny fiovam-pihetsika dia anisan'ny paikady ilaina amin'ny fampanraisana anjara ny tsirairay eo amin'ny fampiroboroana ny RFF.

Ity taranja ity dia hanome ireo mpiofana ny tombom-pahalalana mahakasika ny serasera ho an'ny fiovam-pihetsika.

#### **Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia ho afaka :

1. mahafantatra ny andraikiry ny mpiantsehatra eny anivon'ny fiarahamonina ho fahatratraran'ny tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF ;
2. mamaritra ny serasera ho an'ny fiovam-pihetsika ;
3. mitanisa ireo dingan'ny fiovam-pihetsika;
4. mamantatra ny asa atao mifanaraka amin'ny antanan-tohatra ny fiovampihetsika.

**1. Ny anjara andraikitra ny mpiantsehatra eny anivon'ny fiaraha-monina:**

➤ **Fomba fiasa:**

- Fakan-kevitra eny an-toerana
- Fitsidihana trano
- Fifandraisana eo amin'ny samy olona
- Fifandraisana faobe

➤ **Faritra / Toeram-piasana:**

- Faritra ambanivohitra (5km mahery miala ny CSB)
- Toerana fandraisina marary
- Toeram-ponenan'ny mpanjifa
- Fokontany/commune

➤ **Fitaovana sy fitaovana ampiasaina:**

- Taratasy fanampiana asa
- Boatin'ny fitaovana (foto-kevitra)
- Rejistra mitatitra

**2. Fisorohana sy fampiroboroboana ny fahasalamana, sy ny tontolo iainana salama**


Ny mpanentana arampahasalamana dia :

- manara-maso ny areti- mifindra eny anivon'ny fiarahamonina;
- mampiroborobo ny fampiasana rano madio ;
- mampiroborobo ny fahadiovana ara-tsakafo;
- mampiroborobo ny fahadiaovana ara-batana ;
- mampiroborobo ny fahadiaovany ny trano fonenana ;
- mampiroborobo ny fitatana ny fako araka tokony ho izy ;
- mampifantatra ny trangan'aretina misy eny anivon'ny ambaratonga ambony mampiroborobo ny fampiasana lavam-piringa.

## Famaritana ny serasera ho an'ny fiovam-pihetsika

Ny serasera dia fifanakalozana amin'ny antokon'olona roa na maro ary mikendry ny hitondra fampahalalana, fanabeazana izay miteraka fiovam-pihetsika. Ny serasera dia ahitana fifanakalozana amin'ny alalan'ny fihetsika na ny fitenenana. Ahitana dingana maromaro, isaky ny dingana dia misy ny hetsika fototra atao.

## Ny dingan'ny fiovam-pihetsika



**Miaina** ilay toetra vaovao ary mampirisika ny hafa handray izany.

**Manandrana** miaina ilay toetra vaovao.

**Mieritreritra** ny hiroso amin'izany toetra izany.

**Mahatsapa** sy manaiky ny toetra irina ho azo

**Nahazo** fahalalana mahakasika ilay olana

**Tsy mahatsapa na tsy nahazo** fahalalana mahakasika ny olana sy ny loza mety aterak'izany.

**Ny asan-tseratsera tanterahina isaky ny dingan'ny fiovam-pihetsika**

DINGANA	ASA SERASERA ATAO
<b>Miaina</b> ilay toetra vaovao ary mampirisika ny hafa handray izany	Ankasitrahana, asaina mizara hatrany
<b>Manandrana</b> miaina ilay toetra vaovao	Ampiana raha toa ka misy ny olana tsy hiverin-dalana
<b>Mieritreritra</b> ny hiroso amin'izany toetra izany	Ampiana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra, Asongadina ny tombotsoa azo
<b>Mahatsapa</b> sy manaiky ny toetra irina ho azo	Ampahafantarina fa azo tontosaina tsara ny fiovana tiana atao
<b>Nahazo fahalalana</b> momba ilay olana	Ampiana ny fahalalany,
<b>Tsy mahatsapa na tsy nahazo fahalalana</b> momba ny olana sy ny loza mety aterak'izany.	Entanina, omena fahalalana



## **TOROLALAM-PANOFANANA**

### **LOHAHEVITRA G : SERASERA**

#### **Taranja 2 : Teknikam-panentanana**

##### **Zava-kendrena sy Votoatiny**

Zava-dehibe ho an'ny mpanentana eny anivon'ny fiarahamonina ny fahafantarana ny ireo teknikam-panentanana voizina eny anivon'ny fiarahamonina.

Ny votoatin'ny fiofanana dia ny ahalalan'ny mpiofana ireo karazana teknikam-panentanana toy ny:

- vangivangy arahana dinika na VAD;
- fifampiresahana amin'ny vondron'olombitsy;
- antsoantso mandehandeha eny anivon'ny fiarahamonina;
- sketch.

Anisan'ny andraikitra ny mpiantsehatra eny anivon'ny fiarahamonina ny manatanteraka dinidinika na fifampiresahana amin'ny vondron'olombitsy. Izany dia entina hanaovana fanentanana miainga amin'ny lohahevitra efa nosafidiana mialoha.

##### **Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. mamaritra ireo karazana teknikam-panentanana
2. mahafehy ny fifampiresahana amin'ny vondron'olombitsy

## 1. Famaritana

- ***Vangivangy Arahana Dinika***

Ny Vangivangy Arahana Dinika dia fifampiresahan'ny mpanentana eny anivon'ny fiaraha-monina amin'ny olona any an-tokatranony. Fijerena ny olana misy eo aminy, hiarahana mitady vahaolana ka handraisany fanapahan-kevitra ary hanohanana azy hanatanteraka izany.

- ***Fifampiresahana amin'ny vondron'olombitsy***

Ny fifampiresahana amin'ny vondron'olombitsy dia fifampiresahan'ny mpanentana miaraka amin'ny olona maromaro, olona 8 hatramin'ny 10, hijerena ny olana misy hiarahana mitady vahaolana na valinteny avy amin'ny vondrona.

- ***Antsoantso mandehandeha eny anivon'ny fiarahamonina***

Teknikan-tserasera ankalamanjana, fanentanana faobe eny anivon'ny fiarahamonina, mikendry ny olona rehetra amin'ny alalan'ny fanomezam-baovao mitohy mandritra ny hamehana na fisian'ny valanaretina hahatonga ny olona ahara-baovao.

- ***Sketch***

Tantara an-tsehatra fohy maneho endri-javatra fototra amin'ny zavatra iray natao hampitana lesona.

**2. Fampiharana ny seho sehatra “fifampiresahan’ny vondron’ny olom-bitsy”**

**LISITRA FANAMARINANA NY FIFAMPIRESAHANA AMIN’NY VONDRON’OLOMBITSY MISY EO ANIVON’NY FIARAHAMONINA**

**1 = Mety** : hita ary natao ity dingana ity araka ny fenitra

**0 = Tsy mety/mila atsaraina** : Natao ny dingana saingy mbola mila hatsaraina

**0 = Tsy hita** : Tsy natao ary tsy hita ity dingana ity

**TM = Tsy Mifandraika =** : Tsy miasa ity dingana ity tamin’ny fampiharana natao.

<b>FIFAMPIRESAHANA AMIN’NY VONDRON’OLOMBITSY</b>			
<b>DINGANA/ASA</b>	<b>TRANGA</b>		
<b>A. Fanomanana : vera,rano,singambolo,</b>			
1.Misafidy lohahevitra iray mafonja izay tena mahaliana ny fiarahamonina			
2. Mamantatra mialoha ireo mpandray anjara			
3.Mamaritra ny tanjona, ny fotoana ary ny faharetan’ny fivoriana			
4.Mampahafantatra ny tomponandraikitra eo an-toerana			
5. Manomana ireo fitaovam-panentanana ho ampiasaina mandritra ny fivoriana.			
6.Manomana ny fisy fanamarinam-pahatongavana			
<b>B. Mandritra ny fivoriana</b>			
7. Tonga mialoha ny fidirana			
8. Mandray ny mpandray anjara			
<b>Fanokafana</b>			
9.Miarahaba, misaotra sy manisny lanja ny fahatongavana			

10. Manao ny fifankahafantarana			
11.Mampameno ny fisy fanamarinam-pahatongavana			
12. Mametraka fifandraisana mahafinaritra			
<b>Fampandraisana andraikitra</b>			
13.Manendry olona iray avy amin'ny mpandray anjara handray an-tsoratra ny adihevitra			
14.Mametraka fanontaniana mahakasika ny lohahevitra			
15.Manome tombom-pahalalana miainga amin'ny hafatra fototra mahakasika ny lohahevitra an'ireo mpandray anjara mba hahafahany mifandresy lahatra			
<b>Fanadihadiana ireo olana sy fitadiavana vahaolana mahakasika ny lohahevitra</b>			
16.Mametraka fanontaniana mahakasika ny olana manodidina ny lohahevitra			
17. Mitarika azy ireo hamakafaka ny anton'ny olana sy ny vokany eo amin'ny mpandray anjara ka handray andraikitra tsy hijanona amin'io zavamisy io.			
18.Manokatra sy mandrindra ny adihevitra, mampirisika ny fandraisana anjara ahitana vahaolana			
19.Manentana mpandray anjara iray hamintina ny fanapahan-kevitra rehetra noraisina izay heverina fa maika indrindra sy ny fomba hanatanterahana azy ; ary hanontany raha azon'ny rehetra ilay asa hatao			
20. Manendry olona hanaramaso ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitra rehetra noraisina.			
21. Mamarana amin'ny fisaorana amin'ny faharetana sy ny fahafoizana fotoana, ary milaza ny fivoriana manaraka			
<b>D. Aorian'ny fivoriana</b>			

22. Mitahiry ny lisitra sy adiresin'ireo mpivory			
<b>TOTALIN'NY ISA</b>			
<b>A = Totalin'ny isa azo</b>			
<b>B= Salan'isa: (Totalin'ny isa azo / 22) X ampitomboina 100</b>			
Sonian'ny mpampiofana			

## SCENARIO SEHO SEHATRA

### FANOMANANA

#### **LOHAHEVITRA : rano fisotro madio**

Mpandray anjara : AC, mpanasa lamba, mpatsaka , renimpianakaviana, mpivarotra,

Tanjona: hanentana ny fiarahamonina hisotro rano madio

Fotoana: anelanelan'ny amin'ny 2 ora ka hatramin'ny 3 ora

Faharetan'ny fivoriana: 30 minitra

#### → SCENARIO

#### HERINANDRO MIALOHAN'NY FIVORIANA

Rondro : Hono aky ry Wendy, efa nampanadre ny sefo fokotany momban' ilay dinidinika mahakasika ny rano fisotro madio ve aki ndri ?

Wendy : eny aki, efa nolazaiko izy hoe amin'ny Sabotsy amin'ny 2 ora aho no hifandinika eo amin'ny hazo be ravina miaraka amin'ireo renimpianakaviana etsy ambany atsinana isika.

Rondro : Efa nahare daholo izany Rasoa mpanasa lambasy ny namany ?

Wendy : eny aki a, hatramindry Nivo mpatsaka sy Vero mpivarotra ,maman'i Laza kely aza efa mahalala ny fotoana. Nahavita nampanadre renimpianakaviana maromaro aho ka.

Rondro : Ary efa nomanin-dry ve ny fitaovana ireo fitaovam-panentana ilaina amin'izany.

Wendy : Aza matahotra ndry e! Efa ao avokoa na ny afisy na ny valotakila hatramin'ny taratasy andraketana ny anaran'ireo mpivory rehetra

#### NY ANDRON'NY FIVORIANA

Wendy : Mazahoa toerana ry zareo a, samia mipetraka isika.

Rondro : Faly miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao dinidinika izao. Mankasitraka antsika rehetra nahafoy fotoana, maneho fahovonana hidinidinika eto anio.

Koa satria hiresadresaka sy hifanakalo hevitra eto isika dia ndeha tsara ny hifankafahatarantsika na dia efa maro amintsika aza no efa mifankahalala.

Toy izao no hanaovantsika azy a : miteny ny anarana fiantsoana ary izay asa atao amin'ny andavanandro ny tsirairay.

Mandritra izay fotoana izay dia iangaviana isika hameno ny taratasy hiraiketana ny anarantsika rehetra izay manatrika izao fivoriana izao.

Manaraka izay, dia miangavy an'i Ravo aho handray an-tsoratra izay resaka hifanaovantsika eto tsy ho very. Manan-danja tokoa mantsy ny hevintsika tsirairay avy koa aleo ho raisina naoty tsara ka tsy hisy ho latsaka. (No sady manolotra taratasy sy penina an'I Ravo I Rondro). Isaorantsika sahady I Ravo amin'izay fandraisana naoty izay. Izay no ela fa ndeha isika hiroso amin'ny anton-dresaka amin'izay

Anio isika dia hiresaka momba ny rano fisotrontsika any an-tranontsika tsirairay avy, ny fatsakana ary ny fikajiana ny rano.

Koa hametraka fanontaniana amintsika ary aho : Avy aiza kay ny rano fisotronareo ao an-tokantranonareo ?

Raso : Izahay izao amin'ny loharano no maka rano.

Rondro : Izay ny an-dRaso ary ny hafa manao ahoana?

Ravo : Izahay indray amin'ny paompy raha toa ka rano sotroina fa amin'ny loharano kosa raha rano isasana na hanasana lamba.

Nirina : Izahay amin'ny lavadrano no maka ranon na ho sotroina na hisasana.

Rondro : Nahoana kay ianareo no maka rano amin'ireo toerana notanisanareo ireo?

Raso : Amin'ny loharano no efa mahazatra anay, eo rahateo no akaiky.

Ravo : Izahay aleonay amin'ny paompy satria ny rano paompy no madio azonay sotroina avy hatrany sy hikarakarana sakafo. Ny amin'ny loharano maloto sao makarary kibo.

Nirina : F'angaha moa raha hoe rano amin'ny paompy io Ravo dia efa azo antoka fa azo sotroina avy hatrany. Ny anay aloha dia amin'ilay lavadrano ao an-tokotaninay izahay no maka rano fa tsy maintsy diovinay foana satria araka ny fantatro dia mila dioвина hatrany ny rano noho izy mety voaloto eny am-pitaterana azy.

Rondro : Ahoana ny hevitrantsika mahakasika izay lazain'i Nirina izay? Mila dioвина foana ve ny rano na avy aiza no angalantsika azy?

Raso : Raha ny hevitra aloha dia fandanium-potoana daholo izany rehetra izany satria efa io foana no rano nosotroinay tsy mbola nisy narary izahay mianakavy...

Nirina : Miala tsiny aho Raso manapaka ny teninao. Sao dia manao ririnindasa tsy tsaroana kosa ianareo! Vao tsy ela akory i Meva kely zanakao no narary kibo nivalana. Izaho sy ianao mihitsy no niaraka nidodododo nitondra azy teny amin'ny Tombimpahasalamana ary nibedy mafy antsika Rasazy tamin'izay satria noho ny fahazaranao mampisotro rano tsy voadio azy

no nampivalana azy. Nanamafy izy tamin'izay fa tsy maintsy kajiana sy karakaraina ny rano manomboka any am-pangalana mandra-pisotro azy. Adinonanao ve?

Raso : mmm Marina tokoa izany. Saika nahita loza ikala Mevakely tamin'iny. Tsy te hiaina an'ireny intsony aho.

Rondro : Araka izay lazain'i Nirina antsika izay dia mila kajiana ny fahadiovana ny rano hisorohoana ny aretina ary anisan'izany aretim-pivalanana. Fa ahoana moa izany no tokony hikajiana ny rano izany raha ny hevintsika?

Nirina : Raha ny fahafantarako azy dia tehirizina anaty siô na sinin-drano madio misy sarony na mampiasa rano avy amin'ny paompy avy hatrany. Ary tokony fitaovana fitahirizan-drano misarona sy madio foana no ampiasaina.

Rondro : Inona izany no tokony atao hikajiana izay fahadiovan'ny fitaovana fitahirizan-dranontsika izay?

Ravo : Inona moa fa raha tiana hadio ny fitaovana iray dia sasana matetika ary rano madio ihany koa no hadiovana azy e!

Rondro : Marina izay lazain'ny namantsika izay : araka izao hitantsika amin'ny sary izao dia misarona tsarany siô hitehirizana rano ( no sady mampiseho ny afisy amin'ny mpanray anjara I Rondro). Ary ahoana no ataontsika rehefa maka rano amin'ireny fitaovana fitehirizan-dranontsika ireny?

Raso : Ny anay izao dia mampiasa zinga izahay dia avy hatrany dia ...

Nirina : Tsabahana ve? Tsy mety ny tsabahana Raso a! Tovoizina ny rano raha tsy izay dia hiditra any indray ny mikraoba, ny loto!

Zinga misy tahony koa no ampiasaina fa tsy ireny efa tapaka ireny ny tahony. Tokony tsy adinoina koa ny manasa matetika ny fitaovana fakana rano toy ny zinga ohatra.

Ravo : Ary tena raharaha be izy izany a!

Rondro : Inona no antony mahatonga an'I Ravo milaza an'izay hoe raharaha be?

Ravo: Aiza ve dia mbola sasaina ny siô, ny zinga , tsy tsabahana...

Nirina : Tsy raharaha izany fa fihetsika tsotra azo atao tsara amin'ny andavanandro. Rehefa ataonao isan'andro izany dia mivadika ho fahazarana afahafana misoroka aretina maro a! Isika renim-pianakaviana ihany anie no tena sahirana rehefa misy marary ao antokantranontsika e!

Raso : Izay aloha dia marina e! Efa hitako io!



Rondro: Marina avokoa izay voalazantsika rehetra izay. Isaorana isika amin'ny tsy fisalasalana maneho hevitra. Ny mahakasika ny fitehirizana ny rano izay lazaintsika izay hatrany am-pangalana azy izay fa ahoana kosa ary ny tokony hikarakarantsika ny rano fisotrontsika tena hadio tokoa hisorohoantsika ny aretina? ... Afaka miteny avokoa isika rehetra, ny filàna ny hevitra avy amintsika tsirairay avy no tena niantsoina antsika rehetra eto.

Raso : Tsaoroako ny nolazain-dRasazy tamin'iny hoe : ampangotrahina na koa mampiasa Sûr'Eau...Tena eto aho vao mandinika fa saika nidiran-doza tokoa izahay mianakavy noho ity tsy fahazarany manadio ny rano mialohan'ny hisotroanay azy ity... Marina fa tsy fahazarana fa hiezaka aho manomboka anio hampangotraka ny rano mialohan'ny hisotroana azy ary hanentana ny vady aman-janako hanao toraka izany tsy hiverenan'ny aretina toy ireny.

Rondro : Misaotra an'i Raso, ary ahoana ny hevitra ny hafa ?

Nirina : Ny anay izao Sur'eau no fampiasanay; fa efa reko koa tamin'ny fanentanana hoe tsihifina ny rano mialohan'ny hampiasaina azy.

Rondro : Marina avokoa izany voalazantsika izany, maro ireo fihetsika tsotra azo hanadiovana ny rano: ampangotrahina, asiana Sûr'Eau na koa tsihifina. Anampiana ireo voalazantsika ireo dia azo atao koa ny mampiasa SODIS na fanadiovana rano amin'ny alalan'ny masoandro. Izany rehetra izany dia hitantsika amin'ity valotakila izay zaraiko amintsika ity : ato avokoa ireo kisary manazava izany!

Mino aho fa noho ny resadresaka nifanaovantsika teto dia resy lahatra tokoa isika fa tsy maintsy diovana hatrany ny rano mialohan'ny hisotroana azy na koa hikarakarana sakafy hisorohana ny aretina maro to any aretim-pivalanana?

Eny ary , maro ireo zavatra vaovao voalaza izay fa manentana olona iray avy amintsika hamintina izay rehetra voalaza teto handravonana ny hevintsika.

Nirina : Izaho afaka mamintina ...

Rondro : Misaotra an'i Nirina. Mihaino an'i Nirina ary isika.

Nirina : Ny azo hamintinana ny voalaza rehetra teo izany dia toy izao :

-Tsy maintsy kajiana sy karakaraina ny rano manomboka any am-pangalana mandra-pisotro azy hisorohana ny aretina maro toa ny aretim-pivalanana,

- Ny fitaovana fitahirizan-drano dia tokony misarona sy madio ary voakojakoja ;

- Tovoizina ny rano fa tsy tsabahana. Robinet na zinga misy tahony no ampiasaina ;

- Diovana matetika ny fitaovana fakana rano toy ny zinga;

Maro karazana ny fomba azo handiovana ny rano :

- Ampangotrahina ;

- Mampiasa Sûr'Eau :

-Tsihifina

- fanadiovana rano amin'ny alalan'ny masoandro.

Rasoà izao dia anisan'ny tapa-kevitra fa ampangotraka rano hisotroan'ny ankohonanany rano madio tsy hiverenan'ny aretina izay efa nanjo an'i Meva kely zanany.

Rondro : Isaorana be dia be i Nirina amin'izay famintinana izay. Afaka roa volana dia miverina eto indray isika mifampizara ny niainantsika ireo fihetsika tsotra, azo tanterahana hikajiana ny fahadiovan'ny rano hatrany am-pangalana azy ka hatramin'ny hisotroana azy. Hifampizara ireo tombontsoa tsapantsika fa azontsika avy amin'izany fihetsika izany ihany koa isika.

Manantitra ny fankasitrahana feno antsika rehetra nahafoy fotoana sy nandray anjara mavitrika amin'ny fifanakalozan-kevitra teto. Inoana fa nitondra fahalalana vaovao ary indrindra nitondra vahaolana izay avy amintsika ihany mahakasika ny fampiasana rano fisotro madio ny resadresaka nataontsika teto. Mametraka ny veloma mandram-pihaoana antsika rehetra ary dia amin'ny manaraka indray.

## **TOROLALAM-PANOFANANA**

### **LOHAHEVITRA G : SERASERA**

#### **Taranja 3 : fomba fampiasana ny fitaovana fampitankafatra**

##### **Zavakinendry sy votoatiny**

Mampahomby ny asa fanentanana sy ny serasera ny fampiasana ny fitaovana fampitankafatra toa ny takelam-panentanana/bokin-tsary, ny horonam-peo sy horonan-tsary fanentanana.

Mirakitra ny fomba fampiasana ireo fitaovana fampitankafatra ity taranja ity.

**Faharetany:** 1 ora sy 15 minitra

##### **Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia afaka :

1. mitanisa ireo fitaovana fampitankafatra ;
2. manazava ny fampiasana ireo fitaovana fampitankafatra.

## □ **NY TAKELA-PANENTANANA**

Ny **takela-panentanana** dia misy takelaka 7:

Takelaka fanoroana, misy loko 6 samihafa isaka ny fiovam-pihetsika fototra mahakasika ny RFF.

- Manga : rano fisotro madio
  - Maitso: fampiasana kabone ara-pahasalamana
  - Voloparasy: fanasana tanana amin'ny rano sy savony
  - Volotany: fidiovana mandritra ny fadimbolana
  - Volomboasary: fitantanana ny fako
  - Mavo : fanadiovana
- Takelaka 1
- Eo anoloana: torolalana amin'ny fampiasana ny takelam-panentanana
  - Ao an-damosina: sarin'ny fiovampihetsika 6 RFF
- Takelaka 2 –7, isaky ny takelaka dia ahitana
- eo anoloana: misy sary mifono hafatra
  - ao an-damosina, misy ny lohahevitra, andiam-panontaniana, loza mety hitranga, hetsika, tombotsoa, laharan'ny takelaka.

## □ **NY BOKIN-TSARY**

Ny **bokin-tsary** dia fitaovana iray ahitana takelaka maromaro misy sary hitarihana dinidinika sy fanentanana vondron'olona mikasika lohahevitra iray.

Ny bokin-tsary dia ahitana ireto :

- eo amin'ny takelaka na lafiny hitan'ny mpandray anjara: sary
- eo amin'ny takelaka na lafiny ho an'ny mpanentana: sary kely mitovy amin'ny hitan'ny mpanatrika, ireo fanontaniana apetraka amin'ny mpanatrika mifanaraka amin'ny sary, ireo hetsika fototra

**LISITRA FANAMARINANA NY FAMPIASANA NY TAKELA-  
PANENTANANA/BOKIN-TSARY**

1 = Afa-po: Manatanteraka ny dingana na ny asa mifandraika amin'ny fifanarahana natao na ny fitsipika fototra
0 = Tsy mahafa-po na tsy afaka nanatanteraka ny dingana na ny asa mifandraika amin'ny fifanarahana natao na ny fitsipika fototra
TM = Tsy mifandraika

<b>FAMPIASANA NY TAKELA-PANENTANANA/BOKIN-TSARY</b>			
<b>DINGANA/ASA</b>	<b>TRANGA</b>		
<b>Fanomanana</b>			
1. Amarinina ny fisian'ny takela-panentanana.			
2. Amarinina ny fisian'ny ny taratasy fanaovana tatitra			
3. Omanina ny lisitra fanamarinana			
<b>Fitarihina ny adi-hevitra</b>			
4. Miarahaba ny mpandray anjara ao amin' ny tokantrano			
5. Misaotra amin'ny fandraisana			
6. Manao tari-dresaka			
7. Milaza ny anton-dia			
<b>Asa</b>			
8. Manontany ny fomba nahazatra ny mpisitraka mahakasika ny loha-hevitra			
9. Mankasitraka amin'izay nety natao			
10. Mampiseho ny takela-panentanana /Bokin-tsary			
11. Manontany ny fomba fijeriny ny zava misy asehon'ny sary eo amin'ny TP/Bokin-tsary			
12. Mihaino ny heviny			
13. Manazava ny hetsika vaovao sy izay tombotsoany			
14. Milaza ireo loza mety hiseho raha tsy mampihatra ireo hetsika ireo			
15. Manome hafatra sy hetsika tiana ho tanterahana			
16. Manadihady ny olana manakana ny fanatanterahana ilay hetsika			

<b>FAMPIASANA NY TAKELA-PANENTANANA/BOKIN-TSARY</b>			
<b>DINGANA/ASA</b>	<b>TRANGA</b>		
vaovao			
17. Miaraka mitady vahaolana			
18. Mamaritra ny fotoana afahana manatanteraka ny hetsika vaovao			
19. Mamporisika hanandrana ary mampihatra			
<b>Famaranana ny resadresaka</b>			
20. Mangataka ny olona resahana hamintina ny zavatra nodinihana			
21. Mametraka ny fotoana hihaonana manaraka.			
22. Misaotra ny mpandray anjara			
<b>TOTALIN'NY ISA</b>			
<b>A = Totalin'ny isa azo</b>			
<b>B= Totalin'ny TM</b>			
<b>D= Salan'isa: (Totalin'ny isa azo / 22- B) X ampitomboina 100</b>			
<b>Sonian' ny mpampiofana</b>			

**HORONAM-PEO SY HORONAN-TSARY FANENTANANA**

Ny horonam-peo sy horonan-tsary fanentanana dia fitaovam-panentanana natao hampitana hafatra, maharitra eo amin'ny 30 segondra hatramin'ny 1 minitra farafahaelany.

Miantomboka amin'ny sary manintona (slogan, logo.) sy/na hetsika misintona ny fifantohan'ny mpihaino, maneho fiovam-pihetsika tiana ho tratrarina sy tiana hiroborobo ary mitarika ny hevitra ny mpihaino hifantoka amin'ny zava-misy. Averina indroa na intelo ny fonjan-kevitra izay voaravaka feon-kira malefaka.

Ampiasaina mandritra ny Vondron'ny Mpihaino sy amin'ny Antsoantso mandehandeha eny anivon'ny fiarahamonina.

# **LOHAHEVITRA H : DRAFITRASA SY FANAHAMASO ARY TATITRA**

## **Taranja 1 : drafitrasa**

### **Zavakinendry sy votoatiny**

Ity taranja mahakasika ny drafitrasa ity dia hanampy ny mpiofana amin'ny fandrindrana sy fandamina ny asa fanentanana izay kasaina ho tanterahiana amin'ny fotoana ho avy.

Tsy afa – misaraka aminy anefga ny fanarahamaso ny asa vita, ary mandefa ny tatitra any amin'ny tomponandraikitra.

Ny fanarahamazo dia mifantoka amin'ny fampitahana ny asa nokasaina natao nosoratana tany amin'ny drafitrasa sy ny asa vita. Ny valin'izany dia entina hantsarana ny hanatsarana ny asa ho avy. Ny faharahamaso ihany koa dia manampy amin'ny fanoavana ny tatitra.

**Faharetany : 1 ora sy 35 minitra**

### **Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia afaka :

- mamolavola drafitrasa fanentanana ;
- hanaramaso ny asa notanterahina ;
- hanao ny tatitra ny asa ara-potoana;

## **1. Ireo dingana arahaina hamolavoalana ny drafitrasa (jereo ny takelaka fanampiny lasitra drafitrasa)**

- Fenoina ny anarana sy ny fokontany.
- Fenoina ny vanim – potoana hiasana
- Tanisaina olana misy any an- tanàna mahakasika ny RFF?

*Ohatra : simba ny matetika ny paopindrano, maro ny ankizy mivalana avy amin'ny fisotroana rano tsy azo antoka, miparitaka ny fako, ...*

- Alaharo arakaraky ny mahazava dehibe sy mahamaika izany

*Ohatra : 1) ankizy marary,*

*2) fako miparitaka, 3) paompindrano simba, ....*

- Safidiana ny lohahevitra sy ny asa mifanaraka amin'izany,

*Ohatra : 1) PAFI Rano fisotro, VAD*

*2) Fitantanana ny fako, antso sy hiaka*

*3) Fikojana sy fiarovana ny fotodrafitrasa iombonana, dinidika atao amin'ny vondronolona*

- Safidiana ny daty sy toerana ary ny olona iantefan'ny asa
- Ataovy lisitra amin'ny antsipirihiny ireo fitaovana ilaina



**Mpanentana : Ralisy**

**Fokontany : Tanambao**

**Volana hiasana : fevrie – aprily**

<b>LOHAHEVI TRA</b>	<b>ASAM- PANENTANANA</b>	<b>DATY</b>	<b>TOERANA</b>	<b>IANTEFANY</b>	<b>FITAOVANA</b>
PAFi Rano	VAD	Herinandro faharoa fevrie	Labatoara	Tokratano 15	Boîte à image Lisitra fanamarinana Tavoangy, rano
Fitantanana ny fako	Antsoantso mandehandeha	In-2 isan – kerinandro (daty)	Atsimo tsena	Fokontany rehetra	Megaphone pile
Fikojana fotodrafitrasa iobonana (paompy)	Resadresadresaka atao amin' ny vondronolona	15, 17 Martsa	Tsaralalana	Komitin – drano 5	Taratasy sy stylo Fanamarim patongavana

**Tanambao faha 30 janoary**  
**Ralisy**

**LASITRY DRAFITRASA FANENTANANA**

**Mpanentana :**

**Fokontany :**

**Volana hiasana :**

<b>Lohahevitra</b>	<b>Karazana asam-panentanana</b>	<b>Daty</b>	<b>Toerana</b>	<b>Iantefany</b>	<b>Fitaovana</b>

### 1. Fanarahamaso

Ilaina ny fanarahana ny asa vita handrefesana ny vokatra, na hanatsaràna ny fomba fiasa ary hanaovana ezaka bebe kokoa. Miainga amin'ny drafitr'asa natao no hijerena na vita na tsia ny asa, na tratra na tsia ny tanjona napetraka.

#### FANARAHAMASO

<b>LOHAHEVITRA</b>	<b>ASAM-PANENTANANA NOKASAINA</b>	<b>ASAM-PANENTANANA VITA</b>	<b>ELANELANY</b>	<b>ANTONY</b>

**3. Tatitra (jereo ny takelaka fanampiny lasitra tatira)**

Andraikitra ny mpanentana ny manao tatitra ny asa fanentanana vita mahakasika ny RFF any amin'ny chef CSB. Isam – bolana no fandefasana ny tatitra.

**TATITRA FANENTANANA RFF**

**Mpanentana:**

**Fokontany :**

**Volana niasana:**

<b>DATY</b>	<b>LOHAHEVITRA</b>	<b>ASAM -PANENTANANA</b>	<b>VOKATRA AZO</b>	<b>FANANAMARIHANA</b>

Daty sy sonia

## TAKELAKA FANAMPINY

### Takelaka fanampiny 1 : TOMBANA MIALOHA NY FIOFANANA

*Torolalana: Raha toa ka marina ny fehezanteny, dia mariho X eo amin'ny «Marina». Raha toa ka diso kosa, dia mariho X eo amin'ny «Diso»*

N°	FANONTANIANA	MARINA	DISO
	<b>Fahalalana ankapobeny mahakasika ny tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF</b>		
1	Ny fomba fifindrany sy fisorohana ireo aretina ireo dia amin'ny alalan'ny tana madio		
2	Ny atao hoe Tobim-pahasalamana sakaizan'ny RFF dia tsy misy rano fitsotro madio		
3	Ny andraikitry ny mpanentana ara-pahasalamana ho fahatratrarana ny tobim-pahasalamana sakaizan'ny RFF dia mampiroborobo ny fahadiovana ara-tsakafo		
	<b>Rano Fisotro Madio</b>		
4	Ampy ve Sur'Eau indray ny sarony hanadiovana rano 20 Litatra?		
5	Raha hampihatra ny teknika SODIS dia mila atapy adiny 6 amin'ny tara-masoandro anaty tavoahangy mangaranga na tavoahangy misy soratra PET ny rano?		
	<b>Fanadiovana : fampiasana kabone ara-pahasalamana</b>		
6	Ny kabone dia aorina amin'ny toerana ambany noho ny loharano ?		
7	Ny kabone dia atao 12 hatramin'ny 50m miala amin'ny fantsakana ?		
	<b>Fanadiovana : Fitantanana ny fako</b>		
8	Ny fako ahiana hitondra aretina avy ao amin'ny toby AC dia ariana any amin'ny fitoeram-pakon'ny kaominina?		
9	Ny vovon-dandihazo maloto dia sokajiana ho toy ny fako avy amin'ny tokantrano		

N°	FANONTANIANA	MARINA	DISO
	<b>Fahadiovan'ny tanana</b>		
10	Sasana matetika ny tanan'ny zaza dia iray amin'ny fotoana fototra dimy tsy maintsy hanasana tanana		
	<b>Fahadiovan'ny sakafo</b>		
11	Ny bakteria sy poizina avy amin'ny loto no mitarika ny fahampoizinana ara-tsakafo.		
12	Lomana anaty ranontsavony ny salady sy anandrano mialohan'ny hanasana azy amin'ny rano		
	<b>FIntantanana ny fidiovana mandritra ny fadimbolana</b>		
13	Ny fadimbolana dia trangan – javatra voajanahary mamoaafady tsy azo resahana amin'ny fiarahamonina		
	<b>Fahadiovan'ny toeram-ponenana sy toeram-piasana</b>		
14	Anisan'ny manapaka ny fifindran'ny aretim-biby mankany amin'ny olombelona ny fahadiovan'ny toeram-ponenana.		
15	Ny fanasana dia fampihenana ny isa sy ny herin'ny mikraoba mitoetra amina faritra iray.		
	<b>RFF sy fiovan'ny toetrandro</b>		
16	Tsy misy fifandraisany amin'ny fiakaran'ny maripana manerantany ny firongatry ny bibikely an-tanety mitondra aretina (moka, kongona).		
17	Efa misy ny laharana afaka antsoina raha mila vaovao na torohevitra mahakasika ny aretina mifandraika amin'ny fiovan'ny toetrandro		
	<b>Serasera</b>		
18	Ny Vangivangy Arahana Dinika dia fifampiresahan'ny mpanentana amin'ny olona any an-tokatranony		
19	Ny fifampiresahana amin'ny vondron'olombitsy dia fifampiresahan'ny mpanentana amin'ny olona maromaro hijerena ny olona misy eo anivon'ny fiarahamonina sy mba		

N°	FANONTANIANA	MARINA	DISO
	hiarahana mitady vahaolana		
	<b>Drafitrasa</b>		
20	Ny drafitrasa dia fandrefatena ny asa mbola hatao amin'ny fotoana ho avy		

## Takelaka fanampiny 2 : TOMBANA AORIAN'NY FIOFANANA

Torolalana: Mariho ny valiny MARINA iray

N°	<b>MARIHO « X » ny valiny marina</b>
	<b>Fahalalana ankapobeny mahakasika ny tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF</b>
01	<p>Ireo hetsika fototra enina eny amin'ny Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF</p> <p><input type="checkbox"/> Tan-tsorokasy fiofanana: tohana sy fanofanana ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny mpanentana ara-pahasalamana.</p> <p><input type="checkbox"/> Fanairana: dingana tena ilaina hampandraisana andraikitra ny mpiantsehatra rehetra sady mitondra fiovana mahery vaika eo amin'ny fihetsika mahomby ho an'ny vahoaka rehetra.</p> <p><input type="checkbox"/> Manasa tanana amin'ny rano sy savony</p>
02	<p>Ireo aretina mifandraika amin'ny tsy fahalavorarian'ny RFF :</p> <p><input type="checkbox"/> Pesta</p> <p><input type="checkbox"/> Tazomoka</p> <p><input type="checkbox"/> Areti – pivalanana</p> <p><input type="checkbox"/> Tsy fanjararian-tsakafo</p>
	<b>Rano Fisotro Madio</b>
03	<p>Firy sarony ny sur'eau ilaina hanadiovana rano 20 litatra?</p> <p><input type="checkbox"/> Indray</p> <p><input type="checkbox"/> Indroa</p> <p><input type="checkbox"/> intelo</p>
04	<p>Raha hampihatra ny teknika SODIS, atapy adiny firy amin'ny tara-masoandro anaty tavoahangy mangararangana na tavoahangy misy soratra PET ny rano?</p> <p><input type="checkbox"/> Adiny 4</p> <p><input type="checkbox"/> Adiny 5</p> <p><input type="checkbox"/> Adiny 6</p>
	<b>Fanadiovana : Fampiasana kabone ara-pahasalamana</b>
05	<p>Ny kabone dia aorina amin'ny :</p> <p><input type="checkbox"/> Toerana ambany noho ny loharano</p> <p><input type="checkbox"/> Toerana ambony noho ny loharano</p> <p><input type="checkbox"/> Toerana mitovy tantana amin'ny loharano</p>



06	<p>Ny elanelan'ny fantsakana sy kabone dia tokony ho :</p> <p><input type="checkbox"/> 5 hatramin'ny 30 santimetatra</p> <p><input type="checkbox"/> 15 hatramin'ny 50 metatra</p> <p><input type="checkbox"/> 2 hatamin'ny 5 metatra</p>
<b>Fanadiovana : Fitantanana ny fako</b>	
07	<p>Ny fako ahiana hitondra aretina avy any amin'ny tobin'ny AC dia aterina any amin'ny :</p> <p><input type="checkbox"/> Tobimpahasalamana</p> <p><input type="checkbox"/> Lava-pakon'ny tokantrano</p> <p><input type="checkbox"/> Kaominina</p>
08	<p>Ny vovon-dandihazo misy rà na nana dia sokajiana ho toy ny :</p> <p><input type="checkbox"/> Fako mitovy amin'ny any an-trano</p> <p><input type="checkbox"/> Fako ahiana hitondra aretina</p>
<b>Fahadiovan'ny tanana</b>	
09	<p>Inona avy ireo fotoana fototra tsy maintsy hanasana tanana.</p> <p><input type="checkbox"/> Alohan'ny hikarakarana sakafo ;</p> <p><input type="checkbox"/> Alohan'ny hanomezana sakafo ny zaza ;</p> <p><input type="checkbox"/> Sasana matetika ny tanan'ny zaza ;</p> <p><input type="checkbox"/> Avy mamitra zaza ;</p> <p><input type="checkbox"/> Avy any ankabone</p>
<b>Fahadiovan'ny sakafo</b>	
10	<p>Inona no antony tsy maintsy hanarahana ireo fomba fanao fototra momba ny fahadiovana ara-tsakafo</p> <p><input type="checkbox"/> hampatsiro ny sakafo</p> <p><input type="checkbox"/> hisorohana ny bakteria sy poizina vokatry ny loto anaty sakafo</p> <p><input type="checkbox"/> hampitombo ny hery fiarovana avy amin'ny sakafo</p> <p><input type="checkbox"/> hampazoto homana</p>
11	<p>Fomba fikarakarana sy fanasana ny sakafo toy ny salady sy anandrano</p> <p><input type="checkbox"/> lomana mandritra ny 05 minitra anaty rano misy vinaigitra kely na Sur'eau izay vao sasana, avela hitsiaka izay vao karakaraina</p> <p><input type="checkbox"/> sasana amin'ny rano sy savony tsara, kobanina tsara, avela hitsiaka izay vao karakaraina</p> <p><input type="checkbox"/> lomana anaty rano, avela hitsiaka izay vao karakaraina</p>

<b>Fidiovana : fintantanana ny fidiovana mandritra ny fadimbolana</b>	
12	<p>Inona amin'ireto fenitra ireto no tsy ilaina amin'ny hananan'ny trano fidiovana</p> <p><input type="checkbox"/> Aorina amin'ny toerana takona tsy misy mpahita</p> <p><input type="checkbox"/> Misy fitaovana rehetra ilaina, toerana hanariana na handorana ny salaka fanary avy nampiasaina,</p> <p><input type="checkbox"/> Misy toerana anahazana ny salaka sy silipo avy nosasana</p> <p><input type="checkbox"/> Tondrahana alohan'ny ialana tao mba tsy hisy rà miparitaka tavela ao</p>
<b>Fahadiovan'ny toeram – ponenana sy toeram – piasana</b>	
13	<p>Inona ny vokadratsin'ny fandrahoana sakafo ao amin'ny efitra fatoriana:</p> <p><input type="checkbox"/> aretim-pivalalanana sy aretin-koditra</p> <p><input type="checkbox"/> areti-maso sy aretin-koditra</p> <p><input type="checkbox"/> aretin'ny taovam-pisefoana sy areti-maso</p>
14	<p>Fizotra ny fanadiovana ny gorodona/carreau</p> <p><input type="checkbox"/> diovana miainga avy any amin'ny faritra maloto indrindra mankany amin'ny madio indrindra</p> <p><input type="checkbox"/> diovana miainga avy any amin'ny faritra madiodio indrindra mankany amin'ny maloto indrindra</p> <p><input type="checkbox"/> diovana tsotra fotsiny tsy misy filaharany</p>
<b>RFF SY FIOVAN'NY TOETRANDRO</b>	
15	<p>Fiantsoana ny laharana 321 raha mila vaovao sy torohevitra mahakasika ny aretina mifandraika amin'ny fahasalamana</p> <p><input type="checkbox"/> Andoavam-bola ny miantso ny laharana 321 raha mampiasa Airtel ka mihoatra ny in-6 antso anaty iray volana</p> <p><input type="checkbox"/> Andoavam-bola ny miantso ny laharana 321 raha mampiasa Orange/Telma</p> <p><input type="checkbox"/> Andoavam-bola ny miantso ny laharana 321 raha mampiasa Airtel</p>
<b>LOHAHEVITRA G : SERASERA</b>	
16	<p>Andraikitra ny mpanentana arapahasalamana ho fahatratrarana ny Tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF :</p> <p><input type="checkbox"/> mampiroborobo ny fahadiovana ara-tsakafo</p> <p><input type="checkbox"/> manao fizahana ara-pahasalamana</p> <p><input type="checkbox"/> mampahafantatra ny ambaratonga ambony amin'ny trangan'aretina misy ary manome torohevitra ara-medikaly</p>

17	<p>Ny fifampiresahana amin'ny vondron'olombitsy dia :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li><input type="checkbox"/> fifampiresahan'ny Mpanentana miaraka amin'ny olona</li> <li><input type="checkbox"/> fifampiresahan'ny Mpanentana amin'ireo manam-pahefana eo an-tanàna</li> <li><input type="checkbox"/> fifampiresahan'ny Mpanentana amin'ny vondrona hijerena ny olona misy eo anivon'ny fiarahamonina sy mba hiarahana mitady vahaolana</li> </ul>
18	<p>Ny Vangivangy Arahana Dinika (VAD) dia :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li><input type="checkbox"/> fifampiresahan'ny mpanentana amin'ny olona any an-tokatranony</li> <li><input type="checkbox"/> fijerena ny zava-misy</li> <li><input type="checkbox"/> famangiana reny tera-bao</li> </ul>
	<b>Drafitrasa</b>
19	<p>Inona avy ireo singa mandrafitra ny drafitrasa</p> <ul style="list-style-type: none"> <li><input type="checkbox"/> Daty hanaovana ny asa</li> <li><input type="checkbox"/> Asa fanentanana</li> <li><input type="checkbox"/> Toerana hipetrahan'ny mpanentana</li> <li><input type="checkbox"/> Iantefan'ny asa</li> <li><input type="checkbox"/> Fitaovana ilaina</li> </ul>
	<b>fanarahamaso sy tatitra</b>
20	<p>Iza no iantefan'ny tatitra</p> <ul style="list-style-type: none"> <li><input type="checkbox"/> Ben'ny tanana</li> <li><input type="checkbox"/> Chef fokontany</li> <li><input type="checkbox"/> Chef CSB</li> </ul>

**Takelaka fanampiny 3 : TOMBANA ISANANDRO**

**Taranja:** .....

**Daty:** /\_\_\_/\_\_\_/\_\_\_/

**Toerana:** .....

**Ny zavatra nety :**

.....  
.....  
.....  
.....

**Ny zavatra tokony hatsaraina :**

.....  
.....  
.....  
.....

**Inona ny zava-baovao voarainao nandritra ny andro ?**

.....  
.....  
.....  
.....

**Faharetan'ny taranja:** lava loatra /\_\_\_/    ara-dalàna /\_\_\_/    fohy loatra/\_\_\_/

**Soso-kevitra fanatsarana :**

.....  
.....  
.....  
.....

**Takelaka fanampiny 4 : FISY TOMBANA AMIN'NY FIAFARAN'NY FIOFANANA**

**1. LAFINY FANABEAZANA**

**1.1 Tombana mahakasika ny fiofanana amin'ny ankapobeny**

	TSARA			ANTONINY		TSY AMPY		
Tomban'ny fiofanana amin'ny ankapobeny	9	8	7	6	5	4	3	2

**1.2 Tombana mahakasika ny faharetan'ny fiofanana**

Lava loatra /\_\_\_/

Antonony /\_\_\_/

Fohy loatra /\_\_\_/

**1.3 Omeo ny hevitrao isaka ny lohahevitra/taranjan'ny fiofanana,**

**ampiasao ireto mari-drefy manaraka ireto :**

**5 : Tena manaiky ;            4 : Manaiky ;            3 : Tsy manankevitra ;**

**2 : Tsy manaiky ;            1 : Tena tsy manaiky**

<b>Ny fiofanana anaty efitrano dia nifanaraka tsara tamin'ny fampianarana ny fahaizamanoa :</b>	<b>Isa</b>
<b>LOHAHEVITRA A : FAHALALANA ANKAPOBENY MAHAKASIKA NY TOBIMPAHASALAMANA SAKAIZAN'NY RFF</b>	
Taranja 1 : aretina vokatry ny tsy fanjarian'ny rano, fanadiovana sy fidiovana	
Taranja 2 : tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF	
<b>LOHAHEVITRA B : RANO FISOTRO MADIO</b>	
Taranja 1 : Pitson'Asa Fanao tena Ilaina (PAFI) Rano	
<b>LOHAHEVITRA D : FANADIOVANA</b>	
Taranja 1 : Fampiasana kabone ara-pahasalamana	
Taranja 2 : Fitantànana ny fako.	
<b>LOHAHEVITRA E : FIDIOVANA</b>	
Taranja 1 : Fahadiovana'ny tanana	

Taranja 2 : Fahadiovan'ny sakafo	
Taranja 3 : Fidiovana mandritry ny fadimbolana	
Taranja 4 : Fahadiovan'ny toeram – ponenana sy toeram – piasana	
<b>LOHAHEVITRA F : FIOVAN'NY TOETRANDRO</b>	
Taranja 1 : RFF sy ny fiovan'ny toetrandro	
<b>LOHAHEVITRA G : SERASERA</b>	
Taranja 1 : fahalalana ankapobeny mahakasika ny serasera ho an'ny fiovam-pihetsika	
Taranja 2 : teknikam-panentanana	
Taranja 3 : fomba fampiasana ny fitaovana fampitankafatra.	
<b>LOHAHEVITRA H : DRAFITRASA SY FANARAHAMASO ARY TATITRA</b>	
Taranja 1 : drafitrasa, fanarahamaso ary tatitra.	

**1-4 Inona ny lohahevitra tianao ho lalinina kokoa tao anatin'ity fiofanana ity?**

.....  
.....  
.....

**1-5 Soraty eto ambany eto raha manana sosokevitra hanatsarana ny fomba fampiofanana ianao.**

.....  
.....  
.....

**2- LAFINY FITANTANANA SY SOSIALIN'NY FIOFANANA**

2-1 Omeo isa ny tomban'ny fiofanana.

	TSARA			ANTONONY			TSY AMPY		
	9	8	7	6	5	4	3	2	1
Efitranon'ny fiofanana									
Fikarakarana ny lafiny fitantanana-draharaha									

**2-2 Soraty eto ambany eto raha manana sosokevitra hanatsarana ny lafiny fitantanana sy sosialin'ny fiofanana**

## Takelaka fanampiny 5 : FANDAHARAM-POTOANA

<b>ANDRO VOALOHANY</b>	
8.00 - 8.30	Fanokafana
8.30 - 8.45	Fifankafantarana
	Fandraisana an-tànana
8.45 - 9.00	Tombana mialohan' ny fiofanana
9.00 - 10.45	<b>LOHAHEVITRA A : FAHALALANA ANKAPOBENY MAHAKASIKA NY TOBIMPAHASALAMANA SAKAIZAN'NY RFF</b>
	Taranja 1 : aretina vokatry ny tsy fanjarian'ny rano, fanadiovana sy fidiovana
10.45 - 11.00	<b>FIATONA</b>
11.00 - 12.15	Taranja 2 : tobimpahasalamana sakaizan'ny RFF
12.15 - 1.15	<b>SAKAFO ATOANDRO</b>
1.15 - 3.30	<b>LOHAHEVITRA B : RANO FISOTRO MADIO</b>
	Taranja 1 : Pitson'Asa Fanao tena Ilaina (PAFI) Rano
3.00 - 3.45	<b>FIATONA</b>
3.45 - 5.00	<b>LOHAHEVITRA D : FANADIOVANA</b>
	Taranja 1 : Fampiasana kabone ara-pahasalamana
5.00 - 5.15	Fanompanana ny andro voalohany
<b>ANDRO FAHAROA</b>	
8.00 - 8.15	Famintinana ny andro voalohany
8.15 - 9.30	Taranja 2 : Fitantànana ny fako.
9.30 - 9.45	<b>FIATONA</b>
9.45 - 12.30	<b>LOHAHEVITRA E : FIDIOVANA</b>
	Taranja 1 : Fahadiovana'ny tanana
12.30 - 1.30	<b>SAKAFO ATOANDRO</b>
1.30 - 2.30	Taranja 2 : Fahadiovan'ny sakafo
2.30 - 3.45	Taranja 3 : Fidiovana mandritry ny fadimbolana
3.45 - 3.55	<b>FIATONA</b>
3.55 - 5.00	Taranja 4 : Fahadiovan'ny toeram – ponenana sy toeram – piasana
5.25 - 5.30	Fanompanana ny andro faharoa
<b>ANDRO FAHATELO</b>	
8.00 - 8.15	Famintinana ny andro faharoa
8.15 - 9.30	<b>LOHAHEVITRA F : FIOVAN'NY TOETRANRO</b>
	Taranja 1 : RFF sy ny fiovan'ny toetrandro
9.30 - 9.45	<b>FIATONA</b>
9.45 - 11.00	<b>LOHAHEVITRA G : SERASERA</b>

	Taranja 1 : fahalalana ankapobeny mahakasika ny serasera ho an'ny fiovam-pihetsika
11.00 - 12.45	Taranja 2 : teknikam-panentanana
12.45 - 1.45	<b>SAKAFO ATOANDRO</b>
1.45 - 2.45	Taranja 3 : fomba fampiasana ny fitaovana fampitankafatra.
2.45 - 4.00	<b>LOHAHEVITRA H : DRAFITRASA SY FANARAHAMASO ARY TATITRA</b> Taranja 1 : drafitrasa, fanarahamaso ary tatitra.
4.00 - 4.15	Tombana anelanelany
4.15 - 4.30	Tombana famaranana
4.30 - 4.45	Tombana famaranana



## **BOKY SY TAHIRINKEVITRA NANOVOZAN-KEVITRA**

1. Tahirinkevitra hanofanana ny mpanentana eny ifotony mahakasika ny seraseran'olon-droa sy vondronolona –(Fanjariantsakafo Fahasalamana eny Ifotony) Desambra 2021
2. Tahirinkevitra hanofanana ny mpanentana ifotony mahakasika ny fanjariantsakafo sy fahasalamana mandritra ny 1000 andro voalohany eo amin'ny fiainan'ny zaza.
3. Tahirinkevitra mitambatra hanofanana ny mpanentana ara-pahasalamanamahakasika ny serasera IST/VIH Sida
4. Boky torolalana hanofanana ireo mpiantsehatra ifotony mahakasika ny fahasalaman' ny zatovo sy ny tanora
5. Boky torolalana hanofanana ny mpanentana ara-pahasalamana sy ny mpanabe ary ny Tanora mpanabe olon-tсахala mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora, Septembre 2017
6. *Stratégie Nationale de Changement Social et Comportemental (CSC) en matière de Santé à Madagascar ,2019-2023*
7. *Plan de communication sur la promotion des comportements sains en matière d'intrants de sante ,2021 – 2023*
8. *Curriculum en communication sur les risques et engagement communautaire (CREC), Guide du formateur – Octobre 2021*
9. *Guide technique de mise en œuvre des formations sanitaires Amie de Wash – 2016*

**LISITRA NY MPANDRAY ANJARA TAMIN'NY FANDRAFETANA NY  
TAHIRINKEVITRA HANOFANANA**

ANDRIANARIVELO Maminiaina Roland	SSEnv/DPS
NANAH IADANANDRENINY Adèle	SG
RAHOLIARIMANGA Lovasoa	SFP/ DRH
RASAMOELINA Harisoa	RANO WASH
RAMAMONJISOA Andon'Ny Aina Mahery	RANO WASH
RAMANITRARIVO Zafitsalama Onisoa	SSEnv / DPS
RANDRIAMANAKOTO Onja Heliarivelo	DPS
RANDRIANASOLO Ravo Rakotozafinirina Michaël	SSEnv/DPS
RAZAFINDRAMAVO Lalao Madeleine	SSEnv / DPS
SOLOFONIRINA Barinjaka Maminirainy	SSEnv / DPS
TOMBOARISENDRA Annah Angela	SSEnv / DPS
RAKOTOMANANA Andrimbazotiana	SFP/DRH
ANDRIANARIVO Nasoloarimalala	SFP/DRH
RAKOTOARISON Norohasina	SSEnv / DPS
RAVAOARISOA Zanatsoalama Fenohasina	SSEnv / DPS
RAZAFIMAHATRATRA Andriamirado	WATERAID
RANDRIANJARA Zafimbelo Paul	DSSB
RANOROSOA Livamalala Fortunat	SAHRD/DHRD
RATEFINJANAHARY Joelina	MCD
RAKOTONIRIANA Haja	MEAH
RANDRIANARISON Faliarivony Njaka	WASH/MEN
RAJERISON Faraniaina	SSEnv/DPS
RANDRIANANTENAINA Fenosoa Nirina	SFP/DRH
ANDRIANIRINA Fidèle	SSEnv / DPS
RAKOTOARIMANANA Haingoaritiana	SSEnv / DPS
RANDRIANASOLO Ravo	SSEnv / DPS
NOROTIANA Navalona Andrianjafy Julie	SSEnv / DPS

RAZARAMAHEFA Sergio	SSEnv / DPS
RAMINOSOA Malala	OMS
RAZAFINDRAVOLO Hanta	USAID/ACCESS
TATA Venance	SSEnv / DPS
RAMORASON NOMENJANAHARY Velonanja	SSEnv / DPS
ANDRIAMAROSON Bodo	UNICEF
ANDRIAMANANTENA Rija	SSEnv/DPS
RIVONIAINA Neria N.	SSEnv / DPS
RANDRIANARISON Faliarivony Njaka Barijaona	MEN
RAHERIJAONA Irène	WSUP
RAKOTOJAONA Hery	SSEnv/DPS